REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 012/2024

MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA
HO AMIN'NY TAONA 2024

# PROJET DE LOI n° 012/2024

PORTANT LOI DE FINANCES RECTIFICATIVE
POUR 2024

# VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 012/2024
# MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY
# FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA
# HO AMIN'NY TAONA 2024

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 012/2024 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2024

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy tompokovavy,

Ny fitondram-panjakana dia mbola vonona hatrany ny hitazona an'i Madagasikara anatin'ny làlan'ny fampandrosoana na dia misy aza ireo sakana mila hihoarana. Ny fiarahana mientana hanao ezaka ho an'ny fampandrosoana dia sady fototry ny fanombohan'ireo fomba arahina no andry iankinan'ny Governementa ho an'ireo fanamby mbola miandry.

Noho ny toerana ara-jeografika misy azy, i Madagasikara, firenena manana harena voajanahary maro, dia marefo amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Noho ny fahatsapany ny zava-misy sy ireo adidy miandry azy ho fiarovana ny tontolo iainana ho an'ny taranaka any aoriana, ny Governemanta dia nanaiky tamin'ny faharesen-dahatra tanteraka ny hanana valin-kafatra voaomana mialoha sy mifanaraka amin'ny zava-miseho mba ahafahana sady manamafy ny sandan-tohitra no manome lanja ny zava-boahary voajanahary ananantsika. Anatin'izay bahana izany indrindra dia nahazo ny fanohanan'ireo mpiara-miombon'antoka teknika sy ara-bola amintsika toy ny Tahirim-bola iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fandaharan'asa mitondra zava-baovao toy ny *« Facilité pour la Résilience et la Durabilité (FRD).*

Izay fanekena mankany amin'ny fampandrosoana maharitra izay dia tsy voafetra fotsiny ihany amin'ny fiarovana ny tontolo iainana fa ihany koa amin'ny fampiharana ireo fanavaozana ara-bola sahisahy mba hahafahana miantoka ny fahazakana amin'ny ivo ezaka ny fitantanam-bolam-panjakana. Izany dia miteraka ezaka mila atao mba hampahomby ny fitrosana atao amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fampidiram-bola sy ny fandanjalanjana ny fandaniana.

Toy izany avy àry ny antony nahatonga ny fanaovana ity volavolan-dalàna ity, izay porofon'ny fanekentsika ny hametraka fanovana lehibe mba ho fampandrosoana ny firenentsika ary mba hahasoa ireo mpiray tanindrazana.

# I- ZAVA-MISY EO AMIN'NY SEHATRY NY TOE-KARENA

## I.1- FIVOARAN'NY TOEKARENA

Ny fitomboan'ny hari-karena faobe tamin'ny taona 2023 dia tokony hifanaraka amin'ny vinavina ao amin'ny LFI 2024, izany hoe fitomboana 4%.

Ny fandinihana ny antontan'isa farany azo tokoa dia mampiseho fa tokony ho tratra vinavina io. Ny sehatry ny fambolena, ny fizahantany, ary ny tao raharaha (indrindra ny fifandraisan-davitra) no isan'ny tena niantoka izany fitomboana izany. Marihina ihany koa fa ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny dia nahefa nihoatra ny noeritreretina tany am-piandohana.

Ho an'ny taona 2023, ny Minisiteran'ny Fambolena dia nitatitra fitomboan'ny famokarana ny voly fototra : 9,1% ho an'ny vary, 8,2% ho an'ny mangahazo, ary 7,4% ho an'ny katsaka. Ny fitomboan'ny sehatry ny Fambolena dia tokony ho 7,4% noho izany.

Mikasika ny asa fizahantany, dia nisy mpizahatany 259 851 tonga tamin'ny taona 2023, izany hoe fitomboana 98,3% raha oharina amin'ny taona 2022. Nandeha tsara ihany koa ny asam-pandraharahana ara-bola. Ary teo amin'ny sehatry ny Fifandraisan-davitra dia kajiana fa nitombo 21,5%.

## I.2- VINAVINA

Ny fitomboan'ny hari-karena faobe tamin'ny taona 2023, izay mifanaraka amin'ny vinavina ao amin'ny LFI 2024, dia manamafy ny fahafahana mitazona ny tanjona amin'ity taona 2024 ity, dia fitomboana 4,5% ny hari-karena faobe.

Ny fironana ankehitriny dia manondro fa hisy ny fitomboan'ny fampiasam-bola tsy miankina amin'ny tapany faharoa amin'ny taona 2024. Araka ny fanadihadiana farany nataon'ny Banky Foiben'i Madagasikara tamin'ny Aprily 2024, ireo orinasa dia mihevitra fa hisy kokoa ny asany amin'ny telovolana faharoa amin'ity taona ity. Noho izany, ny fampiasam-bola izay ataon'ny sehatra tsy miankina dia tokony hampisondrotra ny fitomboan'ny hari-karena amin'ny taona 2024.

Ho an'ny taona 2024, ny sehatry ny Fambolena dia tokony hitombo 5,6%. Na dia eo aza ny fihenan'ny famokarana nambaran'i Ambatovy, dia tokony haneho fitomboana tsara ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, entin'ny fitrandrahana graphite indrindra indrindra. Ny fanohizana ny AGOA dia tokony hanohana ny fitomboan'ny indostrian'ny lamba sy akanjo ihany koa.

Mikasika ny asa fizahantany, dia tokony ho tratra ny haavon'ny tamin'ny taona 2019 amin'ity taona ity ; ny tanjon'ny Minisiteran'ny fizahantany dia ny handray mpizahatany 400 000 amin'ny taona 2024. Ankoatra izany, ny fanovana lalàna vao haingana izay natao dia tokony hampisondrotra ny fitomboana amin'ny sehatry ny fifandraisan-davitra.

Farany, tokony ho marihina fa ny toekarena malagasy dia mbola voakasiky ny fiovaovan'ny toe-draharaha iraisam-pirenena, indrindra ny fiovaovan'ny vidin'ny solika sy ny akora (indrindra ny vokatra avy amin'ny fitrandrahana), ny toe-draharaha politika any Afovoany Atsinanana (Moyen Orient), ary ny

fivoaran'ny toekarenan'ireo mpiara-miombon'antoka ara-barotra lehibe indrindra (Ohatra : i Etazonia sy Eoropa no tsena lehibe indrindra ho an'ny vokatra lamba sy akanjo).

# II- FITODIKY NY TETIBOLAM-PANJAKÀNA

## II.1- VOLA MIDITRA

### *II.1.1- HETRA*

#### II.1.1.1- HO AN'NY VOLA MIDITRA AVY AMIN'NY HETRA ANATINY :

Ny fitomboan'ny harikarena izay tokony hahatratra 4,5 % ny taona 2024 dia hisy fiantraikany lehibe amin'ny vola miditra ara-ketra. Ny Foibem-pitondrana ankapoben'ny hetra dia manaiky ny hampitombo 1,25 isan-jato amin'ny tahan'ny harikarena faobe ny vola miditra ara-ketra anatiny manomboka ny taona 2025 ka hatramin'ny 2027 amin'ny fanalana miandalana ny fandaniana ara-ketra hatramin'ny 2 isan-jaton'ny harikarena faobe ary koa amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fahasalamam-bahoaka amin'ny fomba fitakian-ketra. Zava-dehibe araka izany ny mitantana am-pahamalinana ny volam-panjakana mba hitazonana ny fifandanjan''ny tetibola. Ankoatran'izay, noho ny fahakelezan'ny fandraisana anjaran'ny seham-pamokarana voalohany, indirndra ny fambolena, eo amin'ny vola miditra ara-ketra anatiny, dia heverina fa ilaina ny fanavaozana ny vinavina ny vola miditra ara-ketra ao amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2024. Ny vinavinan' ny vola miditra ara-ketra anatiny dia tombanana ho 4 636,50 miliara ariary, izany hoe nisy fihenana 15,59 isan-jato (856,21 miliara ariary) raha mitaha amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2024.

Miliara Ariary

| KARAZAN-KETRA | LFI 2024 | LFR 2024 | ELANELANA |
|---|---|---|---|
| Hetra amin'ny vola miditra | 1 609,34 | 1 178,95 | - 430,38 |
| Hetra amin'ny karama sy ny toa azy | 889,32 | 848,22 | - 41,09 |
| Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bo | 77,79 | 78,24 | 0,44 |
| Hetra alaina amin'ny tombom-barotra | 13,73 | 14,03 | 0,30 |
| Hetra tambatra | 141,12 | 132,35 | - 8,77 |
| Sara-panoratana sy famindran-tompo | 47,80 | 48,97 | 1,17 |
| Haba amin'ny tataom-bidy | 1 739,58 | 1 399,98 | - 316,02 |
| Hetra alaina amin'ny tsenam-baro-panjakana | 115,57 | 148,92 | 9,73 |
| Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana | 827,27 | 754,09 | - 73,18 |
| Hetra amin'ny fifanaraham-piantohana | 16,84 | 17,21 | 0,37 |
| Haba amin'ny hajia | 12,88 | 14,07 | 1,20 |
| Hetra sy haba hafa | 1,45 | 1,48 | 0,04 |
| **TONTALINY** | **5 492,71** | **4 636,50** | **- 856,21** |

#### II.1.1.2- MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-KETRA :

Ny fitsipika momba ny hetra anatiny napetraky ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024 dia mikendry ny hanamafisana ny fanaingana sy ny fiarovana ny fidiram-bola, indrindra amin'ny alalàn'ny fanamafisana ny rafitra fisorohana sy ny fampihenana ny tataom-pahavoazana amin'ny fahasimban'ny maha olom-pirenena ara-ketra. Ireo

fepetra ireo dia mikatsaka ihany koa ny hampiroborobo ny tontolo manome vahana ny fivoaranan'ny asa aman-draharaha amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fitantanana ny mpandoa hetra no sady mampiroborobo ny rariny ara-ketra. Misy ihany koa ny fepetra hafa noraisina mikendry ny hampifanitsy miandalana ny tahan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana amin'ny fanafarana sy ny eo an-toerana ankoatra ny fampiroboroboana ny fanondranana sy ny fitrandrahana volamena.

Ankoatr'izany, ao anatin'ny paikadin'ny ara-kajy mirindra, ny Fandraharahana ara-ketra dia mikasa ny hametraka rafitra faktiora amin'ny alàlan'ny serasera aterineto amin'ny fampiasana ny singa ara-rindrambaiko "e-facturation". Ity rafitra faktiora voalamina sy mirindra ary navondrona ity dia ahafahana manara-maso ny fifampiraharahana ara-barotra ara-dalàna, mahazo vaovao azo antoka eo no eo, ary mampihena ny mety hisian'ny hosoka amin'ny hetra. Etsy andanin'izay dia miroso ihany koa amin'ny fampiharana ny sehatra "e-TVA" ao anatin'ny fampiharana ny paikady hanamafisana ny fitantanana ny TVA ny Fandraharahana ara-ketra. Ny tanjona dia ny hiantohana ny fitantanana tsara indrindra sy ny fanaraha-maso mahomby an'io haba io izay ahafahana manafoana ny hosoka amin'ny endriny rehetra ary manatsara na mampitombo ny vola miditra ara-ketra.

Ny fepetra ara-ketra entin'ity Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ity dia mahakasika hetra maromaro toy hetra amin'ny vola miditra (IR), ny hetra amin'ny vola miditra amin'ireo mpanondrana vokatry ny tany sy ny ala (IREx), ny hetra tambatra (IS), ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola (IRCM), ny hetra momba ny tsenam-barom-panjakana (IMP), ny sara-panoratana sy famindran-tompo (DE), ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana (DA) ny fakàna mialoha amin'ny vokatra azo avy amin'ny alikaola sy misy alikaola ary ny haba amin'ny tataom-bidy (TVA). Misy koa ny fanatsarana natao amin'ireo fepetra iraisana mikasika ny hetra, sara ary haba. Ireo fepetra ireo dia mahakasika ny fitsipika momba ny paika arahina ara-ketra sy ny famerana ny hetra. Ho fitsinjovana ny rariny ara-ketra dia hisy koa ny fepetra fanavaozana ny hetra momba ny karama sy ny toa azy (IRSA) izay vinavinaina ho ampiharina amin'ny taona ho avy.

Ankoatr'ireo fanadiovana madinidinika sy famindrana toerana ny andinin-dàlana vitsivitsy avy ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra mankany amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, ireo fanovana lehibe momba ny andinin-dàlana ara-ketra entin'izao lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana izao dia mifanitsy indrindra amin'ireto tanjona manaraka ireto:

- ***Fanamafisana ny fanaingana sy fiarovana ny fampidiran-ketra :***
  - Fanitarana ny sehatra fampiharana ny lalantsain'ny fifaninanana malalaka mba ahakasika ihany koa ny fifanakalozana anatiny ary fanamafisana mahakasika ny tokony ho tompon'antoka mitondra porofo araka ny fanitsiana ny fetra famerana ny hetra ;
  - Fanitsiana ny fepetra mifandraika amin'ny andraikitra fametrahana ireo antontan-taratasy mahakasika ny vidin'ny famindrana ;

- Fanamafisana ny sazy raha misy ny fandavana mifandraika amin'ny andraikitra fametrahana antontan-taratasy mahakasika ny vidin'ny famindrana ;
- Fandrarana ny fanondranana raha tsy efa nahavoaloa ny IREX tokony efaina sy tapitra fe-potoana fandoavana mifandraika amin'ny fanondranana teo aloha ;
- Fanovàna ny hana ifotoran'ny fandoavana ny IMP amin'ny fotoana anatanterahana ny tsenam-barotra ;
- Famerana ny zo hisitraka fanenan-ketra amin'ny IS ho amin'izay fividianana entana na raharaha nanaovana filazana momba ny fahefana mitaky fampahalalana irery ihany;
- Ny tsy maintsy hanaovana ny fomba arahana amin'ny fanoratana ny fifanarahana momba ny fanomezana vatsim-bola, izay mitovy amin'ny tsy maintsy hanoratana ny fifanarahana mahakasika ny kaonty kirakira ;
- Ny tsy maintsy hanamarihana ny pejy tsirairay amin'ny alalan'ny rango-pohy eo amin'ny taratasy izay anaovana ny fomba arahana amin'ny fanoratana raha toa ka misy pejy roa na maromaro izany ;
- Fandrotsahana ireo vokatra azo avy amin'ny vola alaina amin'ny zava-pisotro misy alikaola sy nasina alikaola ao amin'ny kaontin'ny Fandoavam-bola ankapobe eto Antananarivo;
- Famerenana ny haba sy fampiharana sazy ho an'ireo olona mamory haba tsy ara-dalàna amin'ny varotra ataony;
- Ny tsy maintsy hanaovan'ireo olona rehetra izay miandraikitra ny fandoavam-bola fampitana ny lisitr'ireo mpisitraka tsenam-barotra vatsin'ny fanohanana na fanampiana ara-bola raha toa ka tsy notapahana am-potony ny IMP mifanaraka amin'izany ;
- Fametrahana rafitra faktiora amin'ny alàlan'ny serasera aterineto amin'ny fampiasana ny singa ara-rindrambaiko "e-facturation" ho an'ny fifanakalozana rehetra
- Fanamafisana ny fomba fitarainana ara-panjakana mialoha ny fampakaran-draharaha eo anivon'ny Fitsarana;
- Fanoritana mazava kokoa :
  - ✔ ny adidy amin'ny fomba fitazomana ny kaontim-bolan'ireo mpanondrana ny vokatry ny fambolena sy ny ala;
  - ✔ ny tsy maintsy hanaovana ny fanoratana ny fifanarahana fanakambanana raha toa ka misy fangatahana safidy ho an'ny fepetra manokana ho an'ny fanakambanana orinasa ;
  - ✔ ny daty hampiharana ny fameran-ketra tena izy nangatahana;
  - ✔ ny fampiharana ny IMP mahakasika ny fampanofana trano sy ny toa azy amin'ny fanjakana, na ohatrinona na ohatrinona hofany;
  - ✔ ny fampiharana ny IMP amin'ny vola miditra amin'ireo mpikambana tsirairay ao anaty fikambanana ara-barotra ;

- ✔ ny fampiharana ny IRCM amin'ireo zana-bola azo avy amin'ny fanomezana vatsim-bola amin'ny samy orinasa anatin'ny vondrona iray ;
- ✔ ny sazy omena raha toa ka misy ny fandikan-dalàna momba ny andraikitra mahakasika ny fanambarana sy ny fitazonana ny rejisitra mifandraika amin'ny mpisitraka tena izy ;
- ✔ ny sehatry ny fampiharana ireo andraikitra momba ny tatitra sy ny antontan-taratasy mahakasika ny vidin'ny famindrana ;
- ✔ ny fahafahana manaisotra ny TVA amin'ny faktiora nividianana na nananganana trano hatao birao ;
- ✔ ny famerenana ny TVA mitatao amin'ny sandan'ny fananana mifaka mivoaka mialohan'ny fahataperan'ny fahaverezan-bidy ;
- ✔ ny sazy omena ireo tsy nitondra fanitsiana mahakasika ny filazana fahefana mitaky ;
- ✔ ny fomba fampiatoana ny fandoavam-bola.

- ***Fanatsarana ny fitantanana ny mpandoa hetra:***
  - Fandrindrana ireo fepetra mahakasika ny filazana sy fanefana ny IMP;
  - Fahafahan'ireo mpandoa hetra tambatra manao filazana ara-ketra amin'ny taom-piasany voalohany ao anatin'ny fe -potoana latsaka na mihoatra ny 12 volana fa kosa tsy mihoatra ny 18 volana ;
  - Fanoritana mazava kokoa momba ny:
    - ✔ famaritana ny fitsipika ara-ketra aorian'ny taom-piasana voalohany;
    - ✔ ny fenitra araka ny lalàna izay mahakasika ireo fifanarahana fiaraha-miombon'antoka na fifanaraham-piaraha-miasa natao miaraka amin'ireo manam-pahefana eto an-toerana momba ny tsiambaratelon'ny asa ;
    - ✔ ny fomba fandoavana ny vidin'entana eken'ny lalàna amin'ny fifanakalozana ara-barotra hifanaovan' ireo samy iharan'ny lalàna mifehy TVA na tsia;
    - ✔ ny fomba famerana, filazana sy ny fandoavana ny IMP mahakasika ny fifanarahana amin'ny fikambanana ara-barotra.

- ***Fanatsarana ny fampidiran-ketra sy fampiroboroboana ny asa ara-toekarena:***
  - ✔ Fampifanarahana araka ny fepetra ho an'ny daholobe ny hetra farafahakeliny aloan'ny mpitantana mpiombon'antoka manana petra-bola maro an'isa amin'ny SARL ;
  - ✔ Fanitsiana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana amin'ny alikaola sy ny vokatra misy alikaola (+ 17 miliara ariary) ;
  - ✔ Fanafoanana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana amin'ny fanondranana volamena.

II.1.1.3- <u>MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-PITANTANANA NY HETRA :</u>

Mikasika ny fitantanana ny famorian-ketra, ny Foibem-pitondrana Ankapoben' ny hetra dia manamafy ireto fepetra manaraka ireto :

- ✔ - Fitsirihana ara-ketra (50,00 miliara Ariary) ;
- ✔ - Fanapariahana ny rindram-baiko SAFI ;
- ✔ - Fanaraha-maso ireo fifanarahana amin'ny fanatrarana tanjona amin'ireo Foibempitondrana ara-paritry ny hetra sy ireo birao mpirotsaka an-tsehatra (+12,50 miliara Ariary) ;
- ✔ - Fiantraikan'ny fandoavam-bola « delta » amin'ny sehatry ny solika amin'ny tahan'ny TVA ho 20 isan-jato ho an'ny GO sy SP ary fampiharana ny rafitra fanitsiana miandalana ny vidiny manara-drafitra ;
- ✔ - Fanaraha-maso ny famoriana ny Hetra amin'ny tsenam-barom-panjakana (30,00 miliara Ariary) ;
- ✔ - Fanohizana ireo ezaka ataon'ny Fandraharahana ara-ketra amin'ny fampanarahan-dalàna ny sehatr'asa tsy mandoa hetra (5,80 miliara Ariary).

**<u>Tabilao : Fiantraikan'ireo fepetra araka ny lalàna sy ara-pitantanana ny hetra</u>**

Miliara Ariary

| | |
|---|---|
| **Fepetra araka ny lalana (1)** | **17,00** |
| Fanitsiana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana amin'ny vokatra avy amin'ny alikaola sy ny misy ali | 17,00 |
| **Fepetra ara- panjakana (2)** | **98,30** |
| Fitsiriana ara-ketra | 50,00 |
| Fametrahana SAFI | |
| Fanaraha-maso ny fifanarahana fampandehanana miaraka amin'ireo birao mpampiditra hetra rehetra sy ireo Talem-paritra ara-ketra | 12,50 |
| Ny fiantraikan'ny fandoavana "delta" amin'ny sehatry ny solika amin'ny tahan'ny Haba amin'ny Sanda Hary 20% ho an'ny "GO" sy "SP" ary ny fampiharana ny rafitra fanitsiana miandalana ny vidiny arakaraky ny zava-misy | |
| Fanaraha-maso ny fanangonan-ketra mahakasika ny Hetra alaina amin'ny Tsenan-draharaha amin'ny fanjakana | 30,00 |
| Fanohizana ny ezaka ataon'ny sampandraharahan'ny hetra ho fanamboarana sy fampidirana ho ara-dalana ireo izay mbola ao amin' ny sehatra tsy ara-dalàna; | 5,80 |
| **TONTALINY (1+2)** | **115,30** |

### *II.1.2- FADINTSERANANA*

II.1.2.1- NY AMIN'NY FAMPIDIRAM-BOLA AMIN'NY HABAN-TSERANANA :

Vokatry ny fiovaovana ateraky ny ady any amin'ireo Firenena Tatsinanana sy ny fahombiazana ara-ketra nandritry ny fiandohan'ny taona dia vinavinaina ho 3768,0 miliara Ariary ny fampidiran-ketra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana eo anivon'ny Fadintseranana. Ny 31% amin'io dia azo avy amin'ny fakan-ketra avy amin'ny fanafarana solika, ary ny 69% kosa dia avy amin'ny fanafarana entana ankoatra ny solika.

en milliers d'Ariary

| Nature des droits et taxes | Prévision de recettes |
|---|---|
| Droit de douane | **847 458 000,0** |
| TVA à l'importation | **1 768 341 000,0** |
| Taxe sur les produits pétroliers | **307 991 000,0** |
| TVA sur les produits pétroliers | **842 757 000,0** |
| Droit de navigation | **1 202 000,0** |
| Autres | **251 000,0** |
| **Somme** | **3 768 000 000,0** |

II.1.2.2- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny fanovàna noentina tao anatin'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana dia mikendry ny :

1. Fanavaozana ny rijan-teny mahakasika ny sata ara-padintseranana mifehy ny faritra sy orinasa afak'haba, ary fampidirana rijan-teny vaovao momba ny seranan-tsambo misy faritra afak'haba ;
2. Famelana ny fahazoan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana hanao sogom-barotra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ;

## II.2- FANDANIAMBOLAM-PANJAKÀNA

### *II.2.1- Antontan-karama*

**Fanatsarana ny fifehezana ny antontan-karama : fizorana mankany amin'ny fampihenana ny sorabola**

Ity Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024 ity dia maneho ny finiavana hametraka fitantanana amim-pahamalinana ny karaman'ny mpiasampanjakana, izay singa voalohany ao anatin'ny fandaniana isan-taona ao amin'ny Tetibola ankapobeny. Ity fepetra ity dia hita soritra amin'ny fomba fiasa ankapobeny mikendry ny hampitombina

araka ny tokony ho izy ny loharanon-kery eo amin'ny sehatra ara-panjakana, na ara-bola na amin'ny lafiny mifototra amin'ny olombelona.

Ny Minisiteran'ny asa, ny fampananana asa ary ny asam-panjakana, miara-miasa amin'ireo sampan-draharaham-panjakana hafa, dia manao famakafakana lalina mba hamaritana ny isan'ny mpiasa izay mifanentana amin'ny fametrahana fitantanan-draharaham-panjakana mahavita azy sy mahomby. Eo am-piandrasana ny valin'io fandalinana io dia apetraka ny fepetra fampiatoana ny fandraisana mpiasa mivantana ("agents non encadrés") ho an'ny taona itsahana, ankoatra ny ho an'ny Foloalindahy, ny zandary, ny filaminambahoaka ary ny fiandraiketana ny fonja mba hanatsarana ny ady atao amin'ny tsy fandriampahalemana. Ambonin'izany, ny fandaminana vaovao atao amin'ireo sorabola ho an'ny karama isak'ireo minisitera dia ho tanterahana vokatry ny fivakisana sy ny fanakambanana ireo minisitera sasantsasany nandritra ny fametrahana Governemanta vaovao tany ampiandohan'ny taona 2024.

Apetraka ireo fepetra ireo mba hiantohana ny fisian'ny fitantanam-bola ara-drariny sy mahomby eo amin'ireo loharanon-kery ho an'ny Fitondrampanjakana, entina hanamafisana ny fiantraikan'izy ireo amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara sy ny fahatsaran'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy.

Ny sorabola aompana amin'ny antontankarama ho an'ny taona 2024 dia hitentina 3 814,52 miliara Ariary, izany hoe hisy fihenana -272,32 miliara Ariary raha oharina tamin'ny vinavina tany am-boalohany. Izany fihenana izany dia maneho ny fahavononan'ny Governemanta amin'ny fametrahana araka ny tokony ho izy ny fandaniana anatin'ny fitazonana ny haavon'ny vola miditra mifanentana amin'izany izay hiantohana ny fahombiazan'ny fampandehanan-draharaham-panjakana.

### *<u>II.2.2- Kitapombola ho an'ny fisotroandronono :</u>*

**Fanatsarana ny toe-bolan'ny kitapombolan'ny fisotroandronono : ho amin'ny fahamarinan-toerana maharitra**

Ny fahasalamana ara-bola ao amin'ny rafitra fisotroandronono Malagasy dia ahitana fihatsarana noho ny fepetra fitantanana napetraky ny Fanjakana mba hanarenan-doha ny Kitapombolan'ny fisotroandronono sivily sy miaramila (CRCM).

Tato anatin'ny taona vitsivitsy izay dia nahitana fahasimbana ny toedanjan'ny rafitra fisotroandronono malagasy noho ny fatiantoka nitohy naharitra teo amin'ny Kitapombolan'ny fisotroandronono sivily sy miaramila (CRCM). Io fatiantoka io, vokatry ny tsy fahampian'ny isan'ny mpiasa mpandoa latsakemboka miohatra amin'ny isan'ireo mpandray fisotroandronono, no nitarika fiakinandoha tamin'ny fanampiana ara-bola avy amin'ny fanjakana mba hanajana tanteraka ny zon'ny mpikambana ao anatiny. Na izany aza, noho ny vokatra tsara nentin'ny fanavaozana efa nataon'ny Fanjakana, toy ny fanadiovana ny antontanisa mahakasika ireo mpisotro ronono, ny fidiran'i Madagasikara ho mpikambana ao anatin'ny AISS (« Association Internationale de Sécurité Sociale »), ary ny fanovàna ny fifanarahana arakasan'ireo ECD ho lasa ELD mba hampitomboana ny isan'ny mpandoa latsakemboka, ary koa ny fanefàna ny latsakemboka ataon'ny mpampiasa sy ny fandoavana

ny latsakemboka izay nitaky baikom-pandoavana  avy amin'ny Tahirimbolam-panjakana, dia hita fa mihatsara miandalana izany.

Ireo fepetra hafa, toy ny fanavaozana ny rijanteny mifehy ny Kitapombolan'ny fisotroandronono, ny fanatsarana ny fitantanana izany, ary ny fanovana ireo singa sasany entina mikajy ny fisotroandronono, dia hampiharina tsikelikely mba hamerenana ny fifandanjan'ny rafitra fisotroandronononon'ny vahoaka malagasy ao anatin'ny fotoana fohy sy ivo ezaka.

### *II.2.3-* ***Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha ankoatran'ny karama ary ny fandaniana ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana***

Ny fanamboarana ny fandaniana anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024 dia atao mba hanatrana ny tanjona dia ny hoe fandravonana ara-tetibola. Noho izany dia miankina amin'ireto fepetra manaraka ireto ny fandaniana anatin'ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024 ity : fihenan'ny vola miditra, fitazomana ny *« solde primaire »* ho 2,9% n'ny Harikarena Faobe,ny *« solde primaire global »* izay ahafahana mitazona ny fetran'ny fibabena trose

| *(En milliards d'Ariary)* | LFI 2024 | PLFR 2024 | Variation PLFR - LFI |
|---|---|---|---|
| **Fampandehanan-draharaha** | **2 824,5** | **3 068,9** | **244,4** |
| Tambin-karama | 252,1 | 244,8 | -7,3 |
| Entana sy raharaha | 615,8 | 573,2 | -42,7 |
| Famindram-bola | 1 956,6 | 2 251,0 | 294,4 |
| **Famatsiam-bola** | **8 166,2** | **4 836,8** | **-3 329,4** |
| Famatsiam-bola avy amin'ny loharanom-bola anatiny (tafiditra ao ny takalom-panampiana) | 2 488,5 | 1 262,5 | -1 226,0 |
| Famatsiam-bola avy amin'ny loharanom-bola ivelany | 5 677,7 | 3 574,3 | -2 103,4 |

- ***Fandanjalanjana ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha ankoatran'ny karama***

Ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha dia iharan'ny fanitsiana anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024. Hisy fiakarana 244,4 lavitrisa Ariary izany ka lasa 3 068,9 lavitrisa Ariary anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024.

Na izany aza anefa dia hahitana fihenana 7,3 lavitrisa Ariary ho an'ny fandaniana ho an'ny tamin-karama ary fihenana 42,7 lavitrisa Ariary ho an'ny fandaniana ho an'ny entana sy raharaha. Ireo dia mampiseho ny maha-zava-dehibe ny fitantanana mahomby ny enti-manana sady mitazona ihany koa ny fahafahan'ireo andrim-panjakana sy minisitera manatanteraka ny iraka nampandraiketina azy.

Misy fiakarana 294,4 lavitrisa Ariary kosa anefa ny fandaniana ho an'ny famindram-bola ka mahatratra 2 251,0 lavitrisa Ariary izany anatin'ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024 ity. Io fiakarana io dia noho ny fampitomboana ny fanohanana ara-bola ny sehatry ny angovo izay lasa ho 1 032 lavitrisa Ariary ho an'ity taona 2024 ity.

- ***Fiantraikany amin'ny Fandaharan'asa fampiasam-bolam-panjakana***

- Ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024 dia nanomantombana fihenana lehibe ho an'ny fandaniana ho an'ny fampiasam-bola izay mitentina 3 359,6 lavitrisa Ariary, ka raha 8 166,2 lavitrisa Ariary izany tany amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2024 dia lasa 4 806,6 lavitrisa Ariary. Io fihenana io dia mikasika ny fandaharan'asa fampiasam-bolam-panjakana avy amin'ny loharanom-bola anatiny sy ny fandaharan'asa fampiasam-bolam-panjakana avy amin'ny loharanom-bola ivelany.
- Ny fandaharan'asa fampiasam-bolam-panjakana avy amin'ny loharanom-bola anatiny dia mitentina 1 266,5 lavitrisa Ariary anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2024, izany hoe fihenana mitentina 1 221,9 lavitrisa Ariary raha oharina amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2024. Mihoatra ny antsasamanila ny fanenana ireo sorabola eny anivon'ny andrim-panjakana sy minisitera dia raha oharina amin'ireo sorabola tao anatin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2024.
- Ho an'ny fandaharan'asa fampiasam-bolam-panjakana avy amin'ny loharanom-bola ivelany kosa dia vinavinaina hihena 2 103,7 lavitrisa Ariary. Ka raha 5 677,7 lavitrisa Ariary izany tamin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho an'ny taona 2024 dia lasa 3 574,0 lavitrisa Ariary. Izany dia noho ny famerana ireo findramam-bola mba hahafahana mifehy bebe kokoa ny fitrosa amin'ny ivo ezaka.

## II.3- NY TROSAM-PANJAKANA

*TROSA IVELANY*

Mitentina 924,5 miliara Ariary ny fitambaran'ny famerenan-trosa ao amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana (LFR) 2024. Tombanana ho 637,0 miliara Ariary amin' izany ny renivola ary mitotaly 287,6 miliara Ariary kosa ny zanabola.

*TROSA ANATINY*

Ahitsy ho 384,4 miliara Ariary ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2024. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tombanana ho 12%.

## II.4- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKÀNA

Mahakasika ireo kaontin'ny fampindramambola avy amin'ny fanjakana dia hisy sorabola mitentina 375,2 miliara Ariary ho faritana ao amin'ny tetibola 2024 ka ahitana :

- 272,3 miliara Ariary : vola avy any ivelany, ampindramina ny orinasa SPAT mahakasika ny tetikasa fanitarana ny seranatsambon'i Toamasina ;
- 36,3 miliara Ariary : fampindramambola avy any ivelany ho an'ny orinasa JIRAMA mahakasika ny tetikasa « JIRAMA ANDEKALEKA HYDRO EXPANSION ».

Raha ny momba ny kaontin'ny varotra dia hifandanja eo amin'ny 1 035,7 miliara Ariary ny vola miditra sy mivoaka ho fandoavana ny fisotroan-dronono. Hitohy hatrany ny ezaka ataon'ny fanjakana mba hampihenana ny fatiantoky ny kaontin'ny fisotroandronono ny taona 2024.

Hahatratra 194,5 miliara Ariary ny fandraisana anjara ataon'ny fanjakana amin'ny renivola-na orinasa ka 159,8 miliara Ariary amin'izany no ho amin'ny vondrona iraisam-pirenena.

## II.5- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

Tsy misy fiovana ny sorabola mahakasika ny vola miditra momba ny fampiasana ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV). Ny tetikasa vatsian'ireo vola ireo kosa raha toa ka 12,1 miliara Ariary ao anaty LFI dia ho lasa 7,8 miliara Ariary amin'ity LFR ity.

## II.6- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKÀNA

Hahazo famatsiambola indroa miantoana mitentina 73,2 tapitrisa DTS i Madagasikara ao anatin'ny fandaharanasa vaovao FEC. Hiampy 40,7 tapitrisa DTS izany amin'ny alalan'ny fandaharan'asa FRD izay ialohavan'ny fepetra horaisina amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Ho fanampin'izay dia hampiasa vola 141,1 miliara Ariary avy amin'ny "allocations DTS" ny tahirimbolampanjakana.

Ankoatra izay, mitentina 752,8 miliara Ariary ny fanampiana ara-tetibola ho azo. Ny 100 tapitrisa USD amin'izany dia avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena ary ny 50 tapitrisa UC kosa dia avy amin'ny BAD.

Hihena ho 2 488,3 miliara Ariary ny findramam-bola ho famatsiana ny tetikasa raha 3 382,7 miliara Ariary izany tamin'ny LFI 2024. Izany vinavina izany dia mifandraika amin'ny fepetran'ny fandaharanasa FEC vaovao.

Ny fanentsemana ny fatiantoka anatiny ara-tetibolan'ny Fanjakana dia ho tanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola ("Bons du Trésor par Adjudication » sy Fihary) eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 1798,0 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra raha toa ka 1 630,0 miliara ny vola hivoaka. Hitombo 168,0 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2024 noho izany. Ankoatr'izay ny tahirimbolam-panjakana dia haka avansy amin'ny Banky Foiben'I Madagasikara.

Toy izany no antonanton'izao volavolan-dalàna izao.

**NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA -012/2024**

**MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY**

**FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA**

**HO AMIN'NY TAONA 2024**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA –012/2024 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2024

## I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

### ANDININY VOALOHANY

**Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2024.**

### ANDININY FAHA-2

### FEHEZAN-DALANA MOMBA NY HETRA SY NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA

## ANDININY FAHA 2.1

## FEHEZAN-DALANA MOMBA NY HETRA

**Ny fepetry ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :**

### BOKY I
### HETRAM-PANJAKANA

### FIZARANA VOALOHANY
### HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY

### LOHATENY VOALOHANY
### HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA

### ZANA-DOHATENY VOALOHANY
### HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)

### TOKO IV
### FOTOTRA AMERANA NY HETRA

**Andininy 01.01.09.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

***" Amin'ny tranga rehetra, ireo orinasa vaovao vao niforona dia afaka manana taom-piasana voalohany latsaka na mihoatra ny 12 volana fa tsy mihoatra ny 18 volana raha tsy hoe nahazoana alalana tamin'ny Lehiben'ny Sampandraharaha miandraikitra ny fototra hameran-ketra. Ny hetra dia ferana araka ny vokatra azo tamin'io taom-piasana io."***

**Andininy 01.01.10.-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika alohan'ny farany ao amin'ny 1° amin'ity andininy ity :

***"- Ny fatiantoka avy amin'ny fiovan-tsandan'ny fananana mifaka ampiasam-bola na ny fananana mikasika zava-manan'aina taorian'ny fampiakaran-tsanda."***

*b)* Ovàna ho ***"ao anatin'ny tovan'ny filazana ny toe-bola"*** ny vondron-teny ***" eo amin'ny filazana"*** ao amin'ny tsipika voalohany amin'ny 2° amin'ity andininy ity.

c) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 sy faha 4 amin'ny 4° amin'ity andininy ity :

***"Na inona na inona tranga, ny raharaha ara-bola rehetra ao anatin'ny vondrona na ny kaonty kirakirain'ny mpiombon'antoka dia tsy maintsy hanaovana fifanarahana vita fanoratana ary voatana ara-dalàna anaty kaontim-bola .***

***Ankoatr'izany, ireo vatsim-bola ao anatin'ny vondrona na ny kaonty kirakira voatana ara-dalàna anaty kaontim-bola tanatin'ny telovolana iray, natao hamatsiana ireo fandaniana mahazatra ireo orinasa, dia azo atambatra anaty fifanarahana tokana. "***

d) Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana voalohan'ny teboka faha 7° amin'ity andininy ity :

***"7° Ireo fandaniana mifandray amin'ny sokajim-pifanakalozana ara-bola na ara-barotra eo amin'ireo orinasa heverina fa misy hifandraisany, ka voafaritry ny didy amam-pitsipika ny momba izany, araka ny fetra : "***

e) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 11° amin'ity andininy ity :

***"11° Ny fatiantoka amin'ny vokatra ara-ketra nafindra avy amin'ireo taom-piasana teo aloha. Io famindrana io dia afaka atao mandritra ny 5 taona. Izany fanesorana izany dia atao alohan'ireo fanavotam-bidy nahemotra."***

f) Ovàna ho ***"paragirafy faha 3"*** ny vondron-teny ***"paragirafy faha 2"*** ao amin'ny 18° amin'ity andininy ity.

**<u>Andininy 01.01.11.-</u>**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragrirafy voalohany amin'ny I- amin'ity andininy ity:

***"Ampiharina ny fepetra manokana amin'ny safidy amin'ireo raharaha fanakambanana orinasa. Ny safidy dia tsy maintsy lazaina ao amin'ny fifanarahana fampivondronana vita fanoratana ara-dalàna ary tsy maintsy ahazoan-dalana avy amin'ny Fandraharana ny hetra amin'ny alalan'ny taratasy fanapaha-kevitra."***

## TOKO VI
## FOMBA FAMERANA NY HETRA

**<u>Andininy 01.01.13.-</u>**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny paragirafy farany amin'ny I- amin'ity andininy ity :

***"Ny fepetra famerana araka ny tena izy nomena dia mihatra manomboka ny andro voalohany aorian'ny nampahafantarana ny fanapahan-kevitra fanekena."***

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny teboka faha 3° ny IV amin'ity andininy ity :

***"3° Ireo fepetra momba ny fitsipiky ny fifaninanana malalaka voalaza ao amin'ny 1° dia azo ampiharina ihany koa amin'ireo sokajim-pifanakalozana nasionaly rehetra."***

c) Amin'ny faran'ny teboka faha 4° amin'ny IV amin'ity andininy ity dia tovanana fehezan-teny mirija toy izao :

***"Anjaran'ny mpandoa hetra ny vesatry ny fitondrana porofo."***

d) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny teboka faha 5° ny IV amin'ity andininy ity :

***" 5° Ireo orinasa mamaly ny iray amin'ireo mason-tsivana voalaza ao amin'ireo teboka 1°, 2°, 3°, 8° sy 9° amin'ity andininy ity dia iharan'ny andraikitra fanaovana tatitra amin'ny ampahany araka ireo fepetra ao amin'ny andininy IV-09 ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, amin'ny fetr'andro voatondro ao amin'ny andininy IV-10 amin'ity Fehezan-dalàna ity, izay atao ara-elektronika ao amin'ny sehatra voatokana ho amin'izany.***

***Fanampin'izany, ireo orinasa mifandray mamaly ireo mason-tsivana ara-pahalebiazana voalaza ao amin'ny andininy IV-08 ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia iharan'ny andraikitra fametrahana ireo antontan-taratasy famenony ao amin'io sehatra voatokana io araka ny fepetra voalazan'io andininy io ihany.***

***Ny antontan-taratasy mikasika ny vidin'ny famindrana dia soratana amin'ny teny malagasy na teny frantsay irery ihany. "***

e) Amin'ny faran'ny teboka faha 6° amin' ity andininy ity dia tovanana fehezan-teny mirija toy izao:

***"Raha izany, dia andraikitry ny Fandraharahana ara-ketra ny vesatry ny fitondrana porofo. "***

## TOKO VII
## FIKAJIANA NY HETRA

**Andininy 01.01.14.-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 n'ny B-III amin'ity andininy ity :

***"Tsy tokony ho latsaky ny Ar 1 000 000 ny hetra voakajy ho amin'ny taom-piasana iray."***

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha 2 ao amin'ny VI amin'ity andininy ity:

**"- Ny fandoavana ny hetra dia atao ao amin'ny Mpandray volan'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra farafahatarany ny faha 15 n'ny volana manaraka ny volana faharoan'ny datin'ny fanambarana ny fanondranana. Tsy misy asa fanondranana hafa azo atao raha tsy efa aorian'ny**

**fahavitan'ny fandrotsahana ny hetra mikasika ny fanondranana teo aloha izay efa tapitra ny fetr'andro tokony nandoavana azy."**

## TOKO VIII
## FANDOAVANA NY HETRA
## AMPAHAM-BOLA FIANDRY AROTSAKA MIALOHA

**Andininy 01.01.15.-**

a) Foanana ny paragirafy faha 7 amin'ity andininy ity.

b) Ovàna ho ***"na amin'ny fampahafantarana raikitry ny fanitsiana ara-ketra"*** ny vondron-teny ***"na ny fampahafantarana raikitry ny fanitsiana ara-ketra"*** ao amin'ity andininy ity.

## TOKO X
## ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

**Andininy 01.01.19.-**

a) Ovàna ho ***"rafitra mizaka zo aman'andraikitra"*** ny teny ***"fikambanam-pihariana"*** ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity.

b) Ovàna ho ***"ao amin'ny andininy 01.01.05-V sy VI amin'ity Fehezan-dalàna ity"*** ny vondron-teny ***"ao amin'ny andininy 01.01.05-V"*** ao amin'ny paragirafy faha 5 amin'ity andininy ity.

**Andininy 01.01.21.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:

***"Ireo olona manao raharaham-barotra iharan'ny hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana sy hafa, dia tsy maintsy mametraka ireo tovana miaraka amin'ny filazana toe-bola, ireo filazana misaraka sy antsipirihany:***

- ***ireo fandaniana manokana sy iraisana mikasika ireo tsena voalazan'ireo andininy 01.01.44 sy ny manaraka ary koa mikasika ireo raharaha hafa tanatin'ilay vanim-potoana ;***
- ***ireo vokatra mikasika ireo tsena ireo ihany koa ary ireo izay mikasika raharaha hafa amin'io vanim-potoa***na io."

## ZANA-DOHATENY III
## HETRA AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA (IMP)

## TOKO II
## SEHATRA FAMPIHARANA

## SOKAJY II
## VOLA MIDITRA TSY IHARAN'NY HETRA

**Andininy 01.01.46-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ny tsipika faha 3 amin'ity andininy ity:

***"Na ohatrinona na ohatrinona ny vola miditra avy amin'ireo fivarotana entana sy raharaha nanaovana fifanarahana mialoha toy ny fifanarahana misy famandrihana ka ny vola aloa dia mety hiova arakaraky ny vanim-potoana na tsia, ary koa ireo vola miditra avy amin'ny fampanofana fananana mifaka amin'ny Fanjakana, dia mijanona iharan'ny hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana ihany. Toy izany koa ho an'ireo vola miditra avy amin'ireo tsena amin'ny ampahany izay ahitana ampahany raikitra sy ampahany iray na maromaro arahina fepetra."***

## SOKAJY IV
## OLONA IHARAN'NY HETRA

**Andininy 01.01.48-**

Ampiana paragirafy farany izay mirija toy izao, amin'ny faran'ity andininy ity:

***"Ny orinasa rehetra, miara-manao fifanarahana amin'ny fikambanana ara-barotra iharan'ny hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana dia samy mandoa io hetra io araka ny anjara tsena azony avy."***

## TOKO III
## HANA IFOTORAN'NY FANDOAVAN-KETRA SY FITAKIANA

**Andininy 01.01.49.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity:

**"Ny hana ifotoran'ny fandoavana ny hetra momba ny tsenambarom-panjakana dia ny fanatanterahana ny tsena. Io hetra io dia azo takiana amin'ny fotoanan'ny fandoavana ny vidiny, ny avansy na ny ampaham-bola naloha mialoha."**

## TOKO VII
## ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

**Andininy 01.01.54.-**

Nafindra any amin'ny **andininy I-16 bis ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra**

**Andininy 01.01.55**.-

Nafindra any amin'ny **andininy I-15 sy I-16 ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra**

## LOHATENY II
## HETRA TAMBATRA (IS)

## TOKO III
## FOTOTRA HAMERANA NY HETRA

## SOKAJY I
## FOTOTRA HAKANA NY HETRA

**Andininy 01.02.04.-**

Ampidirana paragirafy faha 2 izay mirija toy izao, aorian'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

***" Amin'ny tranga rehetra, ireo orinasa vaovao dia afaka manana taom-piasana voalohany latsaka na mihoatra ny 12 volana fa kosa tsy mihoatra ny 18 volana izany raha tsy hoe nahazo alalana tamin'ny Lehiben'ny Sampandraharaha miandraikitra ny fototra hameran-ketra. Ny hetra dia ferana araka ny vokatra azo tamin'io taom-piasana io."***

## SOKAJY II
## FIKAJIANA NY HETRA

**Andininy 01.02.05 bis.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

***" Mba ahafahana misitraka io fampihenan-ketra io, ireo fividianana entana sy raharaha voalaza amin'ireo tsipika roa voalohany etsy ambony dia tsy maintsy anaovana fanambarana amin'ny fahefana mitaky voalazan'ireo andininy IV-01 sy ny manaraka ao amin'ny Paika arahina ara-ketra raha tsy maintsy manao izany andraikitra izany ilay mpandoa hetra.*** *Ho an'ireo orinasa manao raharaha marolafy, io fampihenan-ketra io dia tsy mihatra amin'ireo fividianana entana sy raharaha natao ary koa ireo fandaniana atao amin'ny mpiasa tamin'ny tsenam-baro-panjakana voafaritr'ireo fepetry ny andininy 01.01.44 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity."*

## TOKO IV
## FAMORIAN-KETRA

**Andininy 01.02.06.-**

a) Foanana ny paragirafy roa voalohany amin'ity andininy ity.

b) Ovàna ho ***"taom-piasàna"*** ny teny ***"taona"*** ao amin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity.

c) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny amin'ny tsipika faharoa amin'ny andininy faha 6 amin'ity andininy ity :

***" - manafatra akora sy entana tafiditra ao anatin'ny fananana mifaka ka mampiseho taratasy fanamarinana voamarin'ny Sampandraharaha momba ny hetra."***

**TOKO VI**
**FIFANOLANANA ARA-KETRA**

**Andininy 01.02.09.-**

***"Foanana ny andininy 01.02.09.-"***

**Andininy 01.02.09.- "Foana"**

**LOHATENY IV**
**HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERABOLA (IRCM)**

**TOKO II**
**A- VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA**

**Andininy 01.04.03.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 2° amin'ity andininy ity :

***"2° Ireo zanabola avy amin'ny kaonty kirakira miabo an'ireo tompom-petrabola na mpiombon'antoka ary koa ireo izay avy amin'ny vatsim-bola ao anatin'ny vondrona."***

**FIZARANA II**
**SARA-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO**

**TOKO I**
**SEHATRA AMPIHARANA SY FEPETRA ANKAPOBE**

**Ankapoben-javatra**

**Andininy 02.01.01.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity :

*"Ny fomba arahina amin'ny fanoratana voalazan'ity Fehezan-dalàna ity dia manana tanjona manokana ara-ketra. Ireo sara dia azo takiana avy hatrany raha toa ka feno ireo antony miteraka hetra sy ireo fepetra ilaina amin'ny famoriana izany.* ***Ny mpiasan'ny hetra no manatanteraka izany, aorian'ny fandinihana ny tranga araka ny lalàna ao anatin'ny sora-panekena vita rango-pohy mialoha isaky ny pejy.*** *Ny mpiasa miandraikitra ny fanoratana dia tsy mpitsara ny fahamarinan'ny sora-panekena ho*

*raiketina ary tsy tompon'andraikitra amin'ireo fepetra nanaovana izany."*

## FIZARANA III
## HETRA TSY MIVANTANA

## TOKO I
## HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (DA)

## TOKO I
## SEHATRA FAMPIHARANA

## SOKAJY I
## FITSIPIKA FOTOTRA

**Andininy 03.01.01.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***« Ireo vokatra notazana, nalaina, namboarina, nomanina, afarana eto Madagasikara ary koa ireo raharaha voafaritra ao amin'ny tabilao tovana, dia mpiharana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandainiana izay raisina ho an'ny Tetibolam-panjakana ankapobe ka ireo taha dia voafaritra ao amin'io tabilao io.*** *Ny raharaha voalaza etsy ambony dia tsy ampiharana ny fameran-ketra mikasika ny fanamboarana na koa mikasika ny fivezivezan'ny vokatra. »*

## TOKO II
## HANA IFOTORAN'NY FANDOAVAN-KETRA

**Andininy 03.01.03.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 1° amin'ity andininy ity :

***« 1° Ho an'ireo vokatra afarana, amin'ny alalan'ny fanambaràna atao eny amin'ny biraon'ny fanditseranana amin'ny fotoana fanafarana »***

## TOKO III
## FOMBA FAMERANA NY HETRA

**Andininy 03.01.04.-**

Foanana ny tsipika fahadimy amin'ity andininy ity.

## TOVANA
## FAFANA MOMBA NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA

Ovàna toy izao manaraka izao ity tovana ity:

TOVANA 1: Foana

TOVANA 2: Ovàna toa izao manaraka izao ny andalan-tsoratra mifanaraka amin'ireo lazam-bidy 2203.00, 22.07 et 22.08.

| TARIF NUMERO | DESIGNATION DES PRODUITS | TAUX ET TARIF LOCAL | TAUX ET TARIF IMPORTE |
|---|---|---|---|
| **22 03 00** | **Bières de malt** | | |
| 2203.00 10 | - - -D'un titre alcoolique de 4° ou moins------------------------------------- | 12,5% Sans être inférieur à **Ar 700/L** | 50% |
| 2203.00 90 | - - -Autres ----------------------------------------------------------------------- | 12,5% Sans être inférieur à **Ar 700/L** | 50% |
| **22 07** | **Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus; alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres.** | | |
| 2207.10 00 | -Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus (1) --------------------------------------------------- | **Ar 2850/L** | **Ar 3850/L** |
| 2207.20 | -Alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres | | |
| 2207.20 10 | - - - Alcool éthylique dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 90p100 vol.ou plus (ou éthanol combustible) (2) ------------------------ | Exo | Exo |
| 2207.20 20 | - - - Alcool éthylique dénaturé d'un titre alcoométrique volumique inférieur à 90p100 vol---------------------------------------------------------- | **Ar 2850/L** | **Ar 3850/L** |
| 2207.20 30 | - - - Eaux de vie dénaturées de tous titres --------------------------------- | **Ar 2850/L** | **Ar 3850/L** |
| | **Note explicative :**<br>(1) Le bénéfice de l'exonération des produits classés dans cette sous-position est conditionné par<br>- l'obtention d'une Autorisation d'importation délivrée par la Direction Générale des Impôts ;<br>- l'établissement d'une attestation de destination établie par les importateurs ou les acheteurs et visée au préalable par les services fiscaux.<br><br>(2) Pour être classés dans cette sous-position, les produits de l'espèce doivent :<br>- Remplir la condition Alcool éthylique dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 90p100 vol.ou plus (ou éthanol combustible)<br>- Obtenir une autorisation d'importation délivrée par la Direction Générale des Impôts. | | |
| **22 08** | **Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de moins de 80p.100 vol; eaux-de-vie, liqueurs et autres boissons spiritueuses.** | | |

| | | | |
|---|---|---|---|
| 2208.20 | -Eaux-de-vie de vin ou de marc de raisin : | | |
| 2208.10 | - - - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l ---------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 640/L** | 260% |
| 2208.10 90 | - - - Autres ---------------------------------------------------------------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 640/L** | 260% |
| 2208.30 | -Whiskies : | | |
| 2208.30 10 | - - - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l ---------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 1920/L** | 275% |
| 2208.10 90 | - - - Autres ---------------------------------------------------------------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 1920/L** | 275% |
| 2208.40 | - Rhum et autres eaux de vie provenant de la distillation, après fermentation, de produit de canne à sucre | | |
| 2208.40 10 | - - - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l ---------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 460/L** | 260% |
| 2208.40 90 | - - - Autres ---------------------------------------------------------------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 460/L** | 260% |
| 2208.50 | - Gin et genièvre : | | |
| 2208.50 10 | - - - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l ---------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 1150/L** | 260% |
| 2208.50 90 | - - - Autres ---------------------------------------------------------------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 1150/L** | 260% |
| 2208.60 00 | -Vodka ----------------------------------------------------------------------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 1150/L** | 260% |
| 2208.70 00 | - Liqueurs ------------------------------------------------------------------------ | 10% Sans être inférieur à **Ar 1150/L** | 260% |
| 2208.90 | - Autres :<br>- - - Boissons spiritueuses, titrant en alcool (acquis et en puissance) : | | |
| 2208.90 11 | - - - - moins de 15------------------------------------------------------------- | 10% Sans être inférieur à **Ar 1150/L** | 260% |
| 2208.90 12 | - - - - 15° et plus -------------------------------------------------------------. | 10% Sans être inférieur à **Ar 1150/L** | 260% |

| | | | |
|---|---|---|---|
| 2208.90 90 | - - - Autres ------------------------------------------------------------------------- | 10%<br>Sans être inférieur à<br>**Ar 1150/L** | 260% |

**LOHATENY II**
**SARA SY HABA SAMIHAFA**

**TOKO II**
**FAKANA MIALOHA AMIN'NY VOKATRA AVY AMIN'NY ALIKAOLA SY MISY ALIKAOLA**

**SOKAJY III**
**FANOKANANA NY VOKATRY NY FAKANA MIALOHA**

**Andininy 03.02.08.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin' ity andininy ity:

***"Ny vokatry ny fakana mialoha dia natao hamatsiana ny ady atao amin'ny hosoka amin'ny fandoavan-ketra ary arotsaka any amin'ny kaonty iray eo anivon'ny Mpandoa vola Ankapobe Antananarivo misokatra amin'ny anaran'ny Foibem-pitondrana Ankapoben'ny Hetra."***

**FIZARANA FAHAENINA**
**HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY (TVA)**

**LOHATENY VOALOHANY**
**HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY**

**TOKO II**
**SEHATRA AMPIHARANA**

**SOKAJY III**
**VOKATRA SY RAHARAHA TSY IHARAN'NY HABA**

**Andininy 06.01.06.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 30° amin'ity andininy ity:

***"30° ny fakana mialoha amin'ny tahirim-bokatra sy/na entam-barotra natolotra ho fanomezana ho an'ireo tsangan'asa fanasoavam-bahoaka nankatoavina tamin'ny alalan'ny didim-panjakana fa ahitan'ny besinimaro tombontsoa, ny fividianana entana sy raharaha ho tombotsoan'izy ireo ary koa ny fanafarana entana sy raharaha ataon'izy ireo, raha toa ka manana taratasy fanamarinana toeran-kaleha.***

***Ireo taratasy fanamarinana toeran-kaleha efa navoaka hatramin'ny 01 janoary 2024 dia ara-dalàna ary manan-kery amin'ny olon-kafa na amin'ny Fandraharahana ara-ketra."***

## TOKO VIII
## FOMBA FAMERANA NY HETRA

**Andininy 06.01.16.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

***"Ny mpandoa hetra ihany no mikajy ny haba isam-bolana amin'ny faran'ny vanim-potoana araka izay lahasa nataony sy/na izay efa mitranga amin'io vanim-potoana io ny fitakina, rehefa avy nanesorana ny haba araka ny voalazan'ireo andininy 06.01.17 sy ny manaraka. Izany haba izany dia arotsaka farafahatarany ny faha 15 volana manaraka io vanim-potoana io any amin'ny mpiasa miandraikitra ny famorian-ketra amin'ny alalan'ny fanambarana atao amin'ny taratasy vita printy omen'ny Fandraharahana."***

## TOKO IX
## FOMBA FANESORAN-KETRA

**Andininy 06.01.17.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 4° ao amin'ny A- Fepetra ankapobeny amin'ity andininy ity:

***"4° Ny TVA amin'ny fividianana entana misy taratasy fanamarinana toeran-kaleha, natokana ho atao fanomezana ho an'ireo tsangan'asa fanasoavam-bahoaka nankatoavina tamin'ny alalan'ny didim-panjakana fa ahitan'ny besinimaro tombontsoa."***

**Andininy 06.01.18.**-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika voalohany amin'ity andininy ity:

***"- Ny haba amin'ny tataom-bidy hita anaty faktiora nividianana na nananganana fananana mifaka ho amin'ny fampiasana hafa ankoatra ny indostria, asa tanana, varotra, hotely, fambolena na fitrandrahana, ny trano fisakafoanana na birao."***

**Andininy 06.01.19.-**

Ovàna toy izao ny paragirafy faran'ity andininy ity :

***"Ho an'ireo orinasa rehetra vao niforona nisafidy ny fameran-ketra tena izy, ny fakàna ny toeran'ny mpandoa haba dia manan-kery manomboka ny andro voalohan'ny volana manaraka ny daty nampahafantarana ny fanapahan-kevitra momba ny fampiharana an'io fameran-ketra voalaza teo io."***

**<u>Andininy 06.01.21</u>**.-

Ampidirana tsipika faha 4 izay mirija toy izao any amin'ny faran'ny paragirafy faha 5 amin'ity andininy ity:

***"- Toa izany koa raha toa ilay fananana, milina sy fitaovana ka nomena olon-kafa, nilaozana, nariana na koa very talohan'ny fahaverezam-bidy tanteraka."***

## TOKO XI
## ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

**<u>Andininy 06.01.26.-</u>**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 4 amin'ity andininy ity:

***"Toa izany ihany koa ny fifampivarotana rehetra eo amin'ny olona iharan'ny haba sy ny tsy iharany, raha toa ka mihoatra ny fetra voafaritry ny didy amam-pitsipika ny sora-bola amin'izany".***

## TOKO XIV
## FEPETRA ISAN-KARAZANY

**<u>Andininy 06.01.35</u>**.-

Foanana ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity.

## BOKY III
## FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY
## LOHATENY I
## FAMORIANA NY HETRA
## TOKO III
## SAZY SY LAMANDY
## SOKAJY II
## TSY FAMETRAHANA FILAZANA

Ovàna ho ***"TSY FAMETRAHANA FILAZANA, FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY FITAZONANA SY FAMPISEHOANA NY BOKY FIRAKETANA SY NY REJISITRA "*** ny lohatenin'ity sokajy II ity

**<u>Andininy 20.01.52.-</u>**

Ovàna toy izao ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

***" Ankoatry ny fanakanana ny karatra ara-ketra voalazan'ny andininy I-06 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, dia iharan-tsazy Ar 10.000.000, ny tsy fanatanterahana ireo andrakitra rehetra voalaza ao amin'ny teboka faha 5° amin'ny andininy 01.01.13.IV-an'ity***

***Fehezan-dalàna ity, sy ireo andininy IV-26 sy IV-28 ka hatramin'ny IV-39 ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, anisan'izany :***

***- raha toa ka misy ny tsy fametrahana ny iray amin'ireo singa amin'ny antontan-taratasy amin'ny vidin'ny famindrana, ka manakana ny fanombanana ilay toetra maha araka na tsia ny fifaninanana malalaka ireo sokajim-pifanakalozana na koa misy ny fahatarana amin'ny fametrahana ireo antontan-taratasy ireo ;***

***- raha toa ka misy ny tsy fametrahana na fahatarana amin'ny fametrahana ny fanambarana, ny tsy fahampiana na koa ny tsy fahamarinan'ireo antontam-baovao momba ireo mpisitraka tena izy ;***

***- raha toa ka tsy misy ny rejistra manokana momba ireo mpisitraka tena izy sy ireo taratasy manamarina izany, na ny tsy fanaovana ny fanitsiana ataon'ireo rafitra mizaka zo aman'andaikitra sy ireo fiorenana araka ny lalàna izany rejistra manokana momba ny mpisitraka tena izy izany. "***

## SOKAJY III
## SAZIM-PAHATARANA AMIN'NY FANDOAVANA, FANDROTSAHANA SY FANORATANA

***<u>Andininy 20.01.53.-</u>***

**Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity:**

**"Ny fitambaran'ny sazy aloa dia tsy tokony ho latsaky ny Ar 10 000.** Ny volana efa nanomboka dia tsy maintsy aloa manontolo."

## SOKAJY IV
## LAMANDY NOHO NY TSY FAHAMPIANA, NY TSY FAHAMARINANA, NY FANADINOANA, NY FAMPIHENANA

Ampidirana andininy 20.01.54.2 bis vaovao izay mirija toy izao ao anatin'ity sokajy faha IV ity :

***"<u>Andininy 20.01.54.2 bis.-</u> Ankoatran'ny famaizana ara-tsazy, ny varotra rehetra misy haba amin'ny tataom-bidy ataon'ny olona tsy iharan'ny haba dia tratran'ny lamandy mitovy amin'ny 150p.100 an'ilay haba miampy ny fandrotsahana an'ilay haba novorina tamin'ny fomba tsy ara-dalàna."***

## SOKAJY VI
## FANDIKAN-DALANA SAMIHAFA

**<u>Andininy 20.01.56.8-</u>**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragrafy voalohany ny teboka faha 2° amin'ity andininy ity :

***" 2° Ny fandavana ny fametrahana ireo antontan-taratasy fameno voalaza ao amin'ny andininy V-24 ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra, taorian'ny fampatsiahivana tsy***

***nahomby nataon'ireo mpitsirika, dia tratran'ny lamandy, ankoatra izay efa voalazan'ny andininy 20.01.52 ny Fehezan-dalàna ara-ketra, 5 isan-jaton'ny tomban'ilay sokajim-pifanakalozana voakasik'izany, izay tsy manakana ny fanitsiana ara-ketra tsy misy fierana araka ny filazan'ny andininy V-34 sy ny manaraka azy ao amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra."***

**Andininy 20.01.56.16.-**

Ampidirana paragirafy vaovao izay mirija toy izao, aorian'ny paragirafy faha efatra amin'ity andininy ity:

"**Ny tsy fanarenana hita fototra ankoatran'ireo voalaza teo aloha dia iharan'ny sazy handoa ny dimy isan-jaton'ny fitambaran'ny zavatra tokony nanaovana fanambarana araka ny voalazan'ny andininy IV-09 ao amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra**."

Ampidirina ny andininy vaovao 20.01.56.16 bis ao anatin'ny sokajy VI- FANDIKAN-DALANA HAFA, izay mirija toy izao:

"***Andininy 20.01.56.16 bis*.-Ny tsy fanarahana ny andraikitra voalaza ao amin'ny andininy IV-20 dia maha-voasazy handoa lamandy iray isan-jaton'ny vola maty**."

**Andininy 20.01.56.17.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika voalohany amin'ity andininy ity

**"Ny vataten'olona na ireo fikambanana mizaka zo aman'andraikitra izay nametraka fanambarana misy fahadisoana amin'ny sora-bola na amin'ny famantarana ilay olon-kafa nanaovana fanambarana, izay hita fototra taorian'ny fitrandrahana ny tahirin-kevitra nataon'ny Fandraharahana ara-ketra, dia voasazy handoa lamandy dimy isan-jaton'ny sora-bola diso na ny sandan'ny fifanakalozana natao tamin'ilay olon-kafa nanaovana fanambarana".**

**Ny ambiny tsy misy fanovana.**

## ANDININY FAHA 2.2

## FEHEZAN-DALANA AMIN'NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA

***Ny fepetry ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :***

### LOHATENY I
### NY AMIN'NY LAHARAM-PAMANTARANA, FILAZANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA

### ZANA-DOHATENY I
### LAHARAM-PAMANTARAN'NY MPANDOA HETRA

### TOKO I
### FEPETRA ARAHINA SY FILAZANA

**Andininy I-03.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 4 sy faha 5 amin'ity andininy ity:

*"Ireo orinasa rehetra vao niforona, dia iharan'ny fameran-ketran'ny Hetra Tambatra ka ny ampaham-bola arotsaka mialoha amin'izany dia voafaritr'ireo fepetra voalazan'ny andininy 01.02.06 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra****. Ny fameran-ketra ho an'ny taom-piasana manaraka dia faritana araka ny vola maty na miditra tsy afa-karatsaka isan-taona nataon'ny mpandoa hetra tamin'ny taom-piasana farany.***

***Na izany aza, dia azony atao ny misafidy ny fameran-ketra tena izy mandritra ny fotoam-pananganana ny orinasa. Izany dia atao amin'ny alalan'ny fametrahana taratasy tsotra eny amin'ny birao miandraikitra ny fananganana orinasa ary manaja ireo fepetra voalazan'ny didy amam-pitsipika. Amin'izay, ny hetra aloa amin'ny ampaham-bola fiandry arotsaka mialoha dia voafaritr'ireo fepetra voalazan'ny andininy 01.01.14- I amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra araka ny karazan'asa atao."***

### ZANA-DOHATENY II
### FANAMBARANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA

### TOKO III
### ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA

### SOKAJY I
### FOMBA ARAHINA AMIN'NY FANDOAVANA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA

Ovàna ho ***"FANAMBARANA SY FANDOAVANA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA NOTANANA IFOTONY"*** ny lohateny amin'ity sokajy ity.

**Andininy I-15.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***"I- Ho an'ireo tsena izay aloan'ny mpitana kaontim-panjakana na mety ihany koa ny mpiasa rehetra miandraikitra ny fandoavana ny tsena, dia izy ireo ihany no mikajy sy mitana ifotony ny hetra. Tsy maintsy mandrotsaka izany any amin'ny mpandray volan'ny Foibem-pitantanana ny Orinasa Vaventy, fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny fitanana ifotony ihany koa izy ireo. Ny tompon'ny tsena, manana laharam-pamantarana dia tsy maintsy manao fanambarana any amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antontan-taratasiny, ny hetra notanana miaraka amin'ny taratasy manamarina ny fakana mialoha izany fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nandraisana ny vola.***

***Le représentant accrédité doit déclarer l'impôt sur les marchés publics du titulaire des marchés retenu à la source par le comptable public ou l'agent en charge de paiement, auprès de l'Unité opérationnelle gestionnaire de ses dossiers fiscaux à compter de la date où il a reçu information de l'encaissement du montant de la prestation par le titulaire non résident par tous les moyens au plus tard le 15 du mois qui suit l'encaissement.***

***II- Ho an'ny tompon'ny tsena tsy monina eto an-toerana, tsy maintsy manendry solontena mipetraka eto Madagasikara hanatanteraka ireo andraikitra any amin'ny Sampan-draharahan'ny hetra, amin'ny fotoana hanaovana sonia ny fifanekena na fanomezana ny tsena izy. Ny olona miandraikitra ny Tsenam-baro-panjakana na ny olona miandraikitra ny fanomezana ny tsena ao amin'izay vondrona mitantana volam-bahoaka, dia tsy maintsy manamarika ao amin'ny Antontan-taratasy Fitaomana hanao Tolobidy na fangataham-bidy, ny andraikitra hanondro Solontena eto Madagasikara, na inona na inona fomba andraiketana ny tsena.***

***Ny Solontena nankatoavina dia tsy maintsy manao fanambarana ny hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana an'ilay tompon'ny tsena izay notanan'ny mpitana kaontim-panjakana na ny mpiasa miandraikitra ny fandoavana ny tsena ifotony, any amin'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antontan-taratasin-ketrany manomboka amin'ny daty nahazoany vaovao momba ny nandraisan'ny tompon'ny tsena tsy monina eto an-toerana ny volany tamin'ny fanatanterahana ny fisahanan'asa amin'ny fomba rehetra farafahatarany ny faha-15 amin'ny volana manaraka ny nandraisana ny vola.***

*III- Ho an'ny tsenan'asa vaventy na fanatanterahana saikin'asa nomena mpisahana asa, tazonina ifotony ny hetra ary arotsaky ny tompon'ny tsena any amin'ny mpandray volan'ny Foibem-pitantanana ny Orinasa Vaventy, fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny fitanana ifotony. Raha toa ka tsy monina eto an-toerana ny tompon'ny tsena dia ny solontena nankatoavina mipetraka eto Madagasikara no manao filazana sy mandoa ny hetra notanana ifotony any amin'ny Foibem-pitondrana voalaza etsy ambony.* ***Ireo mpisahan'asa ireo dia manao fanambarana ihany koa, any amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antontan-taratasin-ketrany, ny hetra notanana fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nandraisana ny vola, ny avansy na ny vola***

***naloa mialoha izay ampiarahina amin'ny taratasy manamarina ny fitanana sy ny dika mitovin'ireo fifanarahana ny fisahanana asa.***

***IV- Amin'ireo fifanarahana ataon'ny fikambanana ara-barotra, ny hetra dia tanana ifotony eo anivon'ny mpitarika. Ny ampahan'ny vola miditra makany amin'ny mpikambana tsirairay dia tsy anaovana fitanana ifotony intsony. Na izany aza, ireo mpikambana tsirairay dia tsy maintsy manao fanambarana momba ny hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana mikasika ny anjaran'ny tsirairay eny amin'ny sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antontan-taratasin-ketra. Tsy maintsy aseho amin'io fanambarana io, ny dika mitovy amin'ny fifanarahana ara-barotra nomena ny fikambanana sy ny fifanarahana nataon'ny fikambanana ara-barotra sy/na izay antontan-taratasy hafa rehetra milaza ny anjaran'ny mpikambana tsirairay ary koa ny dika mitovy amin'ny taratasy manamarina fa efa notanana ifotony ny hetra tamin'izany.***

***V- Ny olona rehetra na antokon-draharaha, nanao fitanana ifotony ny hetra alaina amin'ny tsenam-baro-panjakana tamin'ny sora-bola amin'ny tsenam-barotra voaloa dia tsy maintsy manome taratasy manamarina izany araka ny modely nomen'ny Fandraharahana na antontan-taratasy mahasolo izany."***

**SOKAJY II**
**FILAZANA**

Ovàna ho ***"FANAMBARANA SY FANDOAVANA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA TSY NOTANANA IFOTONY"*** ny lohateny amin'ity sokajy II ity.

**<u>Andininy I-16</u>.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ity andininy ity :

***" I- Ho an'ireo tsena izay aloan'ireo mpamatsy vola mivantana amin'ny tompon'ny tsena, ity farany ity no manao filazana sy mandoa ny hetra eny amin'ny mpandray volan'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antontan-taratasin-ketrany, fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nandraisany vola.***

***II- Ho an'ny tompon'ny tsena tsy monina eto an-toerana, mihatra ny fepetra voalazan'ny andininy I-15.II paragirafy voalohany amin'ity fehezan-dalàna ity izay mahakasika ny andraikitra manendry solontena nankatoavina sy ny fametrahana io andraikitra io anaty antontan-taratasin'ny tsena izay ataon'ny olona miandraikitra ny fanomezana ny tsena na inona na inona fomba andraiketana ny tsena.***

***Ny solontena nankatoavina dia tsy maintsy manao fanambarana sy mandrotsaka ny hetra amin'ny tsenam-baro-panjakanan'ny tompon'ny tsena eny amin'ny Sampana mpirotsaka antsehatra mpikirakira ny antontan-taratasin-ketrany manomboka ny daty nahafantarany ny nandraisan'ny tompon'ny tsena tsy monina eto an-toerana ny sora-bola amin'ny fanatanterahana saikin'asa amin'ny fomba rehetra ary farafahatarany ny faha-15 ny volana manaraka ny famindrana ny hetra na ny fampahafantarana azy.***

***Na tsy misy aza ny famindram-bola nataon'ny tompon'ny asa, ny Solontena nankatoavina dia azon'ny Fandraharahana ara-ketra enjehina handoa ny hetra mifanaraka amin'izany, andraikiny ny mitaky izany indray any amin'ilay tompon'ny tsena tsy monina eto avy eo.***

***III- Ho an'ny tompon'ny tsena naloa tamin'ny fanampiana ara-bola tsy averina sy fanomezana, ny hetra dia azo anaovana fanambarana sy aloan'ny tompony ihany, eny amin'ny Sampana mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antotan-taratasin'ny mpandoa hetra, fara-fahatarany ny faha 15 n'ny volana manaraka ny nandraisana ny vola, ny avansy na ny ampaham-bola arotsaka mialoha. Raha toa ka misy izany, ny antokon-draharaha miandraikitra ny fandoavana ny tsena dia tsy maintsy mampahafantatra isam-bolana any amin'ny Fandraharahana ara-ketra ny lisitr'ireo mpamatsy entana, mpanao saikin'asa nandoavana vola, alohan'ny faha 15 ny volana manaraka ny famoaham-bola."***

Amin'ny faran'ity Toko faha III ity, dia foronina ny sokajy fahatelo izay mirija toy izao:

***"SOKAJY III***
***ANDRAIKITRA HAFA***

<u>Andininy I-16 bis</u>.- ***Ankoatra ireo andraikitra voafaritr'ireo andininy teo aloha, ireo orinasa izay mandray vola miditra iharan'ny hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana ranofotsiny na tsia, dia tsy maintsy manao ireo andraikitra amin'ny fitanana kaonty sy fanambarana indrindra ireo voafaritr'ireo andininy I-11 amin'ity Fehezan-dalàna ity, 01.01.19, 01.01.21, 01.02.07 sy 06.01.16 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra araka ny fomba fameran-ketrany.***

***Ho an'ireo mpandoa hetra tsy iharan'ny TVA, ny lisitr'ireo mpamatsy entana ary koa ny lisitr'ireo entana sy raharaha novidiany, araka ny modely omen'ny Fandraharahana, dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny fanambarana ataony."***

**TOKO IV**
**ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA IHARAN'NY HETRA TAMBATRA**

**SOKAJY I**
**FILAZANA SY FANDOAVAN-KETRA**

**<u>Andininy I-17</u>.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

***" Ny mpandoa hetra ihany no mikajy ny Hetra Tambatra sy manao ny fanambarana ary mandoa izany eny amin'ny Sampan-draharahan'ny hetra ara-paritra mahefa fara fahatarany ny 31 Martsa manaraka ny taona nahazoana ny vola maty na ny vola miditra tsy afakaratsaka na ny vola azo.*** *Na izany aza, azo ahemotra io daty io araka ny fanapahana ataon'ny Tale Jeneralin'ny Hetra aorian'ny tolokevitry ny Talem-paritry ny hetra ara-paritra mahefa raha hitany fa ilaina izany****. Ho an'ireo mpandoa hetra manana taom-piasana tsy manaraka ny fe-potoana mahazatra, ny fanambarana sy ny fandoavana ireo hetrany dia tsy maintsy tanterahina fara fahatarany amin'ny andro farany amin'ny volana fahatelo manaraka ny daty fikatonan'ny taom-piasany."***

## SOKAJY III
## FIOVAN'NY FAMERAN-KETRA

**Andininy I-19.-**

Ovàna ho ***"fameran-ketra tena izy"*** ny vondron-teny ***"izany fameran-ketra izany"*** amin'ity andininy ity.

## TOKO VIII
## ANDRAIKITRA AMIN'NY SARA-PANORATANA (DE)

## SOKAJY I
## FE-POTOANA FANORATANA

**I – Sora-panekena an'ny fanjakana, tena izy, voamarina ary fifanarahana amin'ny samy olon-tsotra**

**Andininy I-34.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 7. amin'ny III- amin'ity andininy ity:

***"7. Ny taratasy rehetra mirakitra ny fiforonana, ny fanitarana, ny fanovana na ny fampitsaharana orinasa iray, ny fampitomboana, ny fanavotam-bidy na ny fampihenana renivola ary koa ireo fifanarahana amin'ny kaonty kirakirain'ny mpiombon'antoka na fifanarahana ara-bola anatin'ny vondrona ; "***

## SOKAJY II
## BIRAO HANAOVANA NY FANORATANA NY SORA-PANEKENA SY FAMINDRAM-PANANANA

### V - Ny famindram-pananana noho ny fahafatesana

**Andininy I-50.-**

Ovàna ho ***"Ivon-ketra izay faritan'ny didy amam-pitsipika"*** ny vondron-teny ***"biraon'ny hetra Antananarivo"*** ao amin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity.

## LOHATENY II

## ANDRAIKITRA AMIN'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA

## TOKO VIII

## ANDRAIKITRA SAMIHAFAN'IREO MPANDOA HETRA

## SOKAJY II

## FAMETRAHANA NY FILAZANA NY FANJIFANA IREO VOKATRA SY FANDOAVAM-BOLA

**<u>Andininy II-95</u>.-**

**Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 2 amin'ity andininy ity:**

**"Ny olona rehetra mankany ivelany, mitondra vato sarobidy na amin'ny ampahany ka tsy mbola nandoa ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana, dia tsy maintsy manefa izany any amin'ny birao miandraikitra ny fanondranana ireo vokatra ireo"**

## LOHATENY IV
## FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO HAFA AN'NY FANDRAHARAHANA SY IREO ANDRAIKITRA HAFA AN'NY MPANDOA HETRA

## TOKO I
## FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA

### SOKAJY II
### ANDRAIKITRA MANAO FAMPAHALALANA

#### 1- Fepetra ankapobeny

**<u>Andininy IV-08.</u>-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

***" Mahakasika ny vidin'ny famindrana, iharan'ny andraikitra mametraka antontan-taratasy araka ny voalazan'ny andininy V-24 amin'ity Fehezan-dalàna ity, ireo orinasa mpiombon'antoka mahavita fifanakalozana anaty vondrona izay mitentina mihoatra na mitovy amin'ny Ar 450 000 000, ka mahafeno ny iray amin'ireto fepetra manaraka ireto :***

***- ireo orinasa mpiombon'antoka manana vola maty isan-taona tsy misy haba mihoatra na mitovy amin'ny Ar 40 000 000 000 na manana fananana enti-miasa mitovy amin'izany ;***

***- ireo orinasa mpiombon'antoka izay tazonina na mitazona rantsana mahavita vola maty iarahan'ny vondrona na manana fananana enti-miasa iarahan'ny vondrona mihoatra na mitovy amin'ny Ar 240 000 000 000.***

***Ny fetr'andro amin'ny andraikitra fametrahana ireo antontan-taratasy famenony dia 90 andro manomboka amin'ny fetr'andron'ny andraikitra manao fampahalalana. "***

**<u>Andininy IV-09.</u>-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

***" Iharan'ny andraikitra fanaovana tatitra amin'ny ampahany amin'ny vidin'ny famindrana, ao anatin'ny sehatra voatokana amin'izany, amin'ny daty voafaritry ny andininy IV-10 amin'ity Fehezan-dalàna ity, ireo orinasa mahafeno ny iray amin'ireo fepetra voalazan'ny teboka 1°, 2°, 3°, 8° sy 9° amin'ny andininy 01.01.13.IV amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, ka maneho anaty tovana voafaritry ny didy amam-pitsipika, ireto fampahalalana manaraka ireto :***

***- rafi-draharaha ara-drenivolan'ny vondrona ; sy***

***- antsipirihany momba ny sokajim-pifanakalozana natao tao anaty vondrona sy momba ireo orinasa mpiaramiombon'antoka voakasik'izany ary koa ireo antom-pifandraisana misy eo amin'izy ireo. "***

## TOKO III
## ANDRAIKITRA HAFA AN'NY MPANDOA HETRA

## SOKAJY III
## FITANAN-KAONTY MAMAKAFAKA SY FANOMEZANA FAKITIORA ARA-DALANA

**Andininy IV-21.-**

Foronina ny paragirafy farany izay mirija toy izao, amin'ny faran'ity andininy ity :

***"Ny fampiasana fakitiora amin'ny alalan'ny serasera aterineto avoakan'ny rafitra e-Facturation izay napetraky ny Fandraharahana ara-ketra, dia tsy maintsy atao amin'ny fifampivarotana rehetra. Ny fombafomba fampiharana io fepetra io dia faritan'ny didy amam-pitsipika."***

## TOKO IV
## IREO ANDRAIKITRA AMIN'NY REJISITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY

## SOKAJY IV
## ANDRAIKITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY SY IREO OLON-TSOTRA ARY IREO RAFITRA MPANELANELANA ARAKA NY LALANA

Ovàna ho ***"ANDRAIKITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY, IREO OLON-TSOTRA ARY IREO RAFITRA MPANELANELANA ARAKA NY LALANA"*** ny lohatenin'ity sokajy IV ity.

**Andininy IV-34.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***" Ny olona rehetra izay mahalala na tokony ahafantatra fa izy dia mpisitraka tena izy amin'ny rafitra araka ny lalàna na ireo angom-baovao momba ireo mpisitraka tena izy amin'ny rafitra araka ny lalàna dia diso na niova dia tsy maintsy manome, ao anatin'ny telopolo (30) andro manaraka ny fotoana nahalalany izany na tokony nahafantarany izany, ireo angom-baovao sy ireo taratasy fanamarinana ilaina mba ahafahan'ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ny mpitantan-draharahan'ny fiorenana araka ny lalàna mba hanaraka ireo andraikitra takian'ity Fehezan-dalàna ity. "***

### *SOKAJY VI*
### *SAZY AMIN'NY TSY FANAOVANA IREO ANDRAIKITRA MIKASIKA NY REJISITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY*

***Andininy IV-40.-***

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***" Ny tsy fanaovana ireo andraikitra rehetra voalazan'ireo andininy IV-26 sy IV-28 hatramin'ny IV-39 dia iharan'ny lamandy voalazan'ny faran'ny andininy 20.01.52 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.***

***Raha tsy voahaja ireo fe-potoana voafaritry ny andininy IV-34 sy IV-35 amin'ity Fehezan-dalàna ity, na tsy ampy na diso ireo angom-baovao avy amin'ny mpisitraka tena izy, ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ny fiorenana araka ny lalàna, ny rafitra mizaka zo aman'andraikitra na ny fiorenana araka ny lalàna sy ny mpisitraka tena izy voakasika dia miaraka tompon'andraikitra amin'ny fandoavana ny lamandy voalazan'ny andininy 20.01.52 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra. "***

## LOHATENY V
## IREO PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA ATAON'NY FANDRAHARAHANA ARA-KETRA

### TOKO I
### FANAMARINANA AMIN'NY ANTONTAN-TARATASY

### SOKAJY III
### PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANARENANA IFANATREHANA AMIN'NY FANAMARINANA AN-TARATASY

### PARAGIRAFY II
### FANAMARIHANA ATAON'NY MPANDOA HETRA

**Andininy V-05.**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

***"Ny mpandoa hetra dia tsy maintsy manamarika ao anatin'ny valin-teniny :***

***- ireo antom-panitsiana nekena sy/na ireo nolavina miaraka amin'ireo fandresen-dahatra sy fanamarinana heverina ilaina amin'izany ;***

***- ny tolo-kevitra momba ny fotoana hanaovana ny fifandresen-dahatra am-bava ifanatrehana miaraka amin'ireo mpanamarina momba ny hetra, ary ilazana ireo fomba hifandraisana ahafahana manao ny lamina raha misy teboka tsy itoviam-pijery."***

## TOKO II
## FANAMARINANA ENY AN-TOERANA

## SOKAJY III
## PAIKA ARAHINA MANOKANA ATAO AMIN'NY FANAMARINANA NY VIDIN'NY FAMINDRANA

## PARAGIRAFY III
## ANTONTAN-TARATASY AMIN' NY VIDIN'NY FAMINDRANA

**Andininy V-24.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

***" Ireo orinasa iharan'ny andraikitra fanaovana tatitra amin'ny ampahany araka ny voalazan'ny andininy IV-09 amin'ity Fehezan-dalàna ity, dia iharan'ny andraikitra mametraka antontan-taratasy ihany koa, vantany vao mahafeno ireo mason-tsivana ara-palehibiazana voalazan'ny andininy IV-08 amin'ity Fehezan-dalàna ity. Io andraikitra mametraka antontan-taratasy io dia midika ho fametrahana ireo ambina tovana ao anatin'ny sehatra voatokana amin'ny fetr'andro voalazan'io andininy io. "***

## LOHATENY VI
## PAIKA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA SY FAMINDRAM-PO

## TOKO III
## PAIKA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA FAMERANA HETRA

## SOKAJY II
## PAIKA ARAHINA MIALOHA ANY AMIN'NY FANDRAHARAHANA

## PARAGIRAFY II
## FEPETRA ARAHINA AMIN'NY FAMETRAHANA NY FITAKIANA MOMBA NY FITARAINANA AMIN'NY FAMERAN-KETRA SY FANOHERANA NY SORA-PAMERANA

**Andininy VI-16.-**

Ampidirana tsipika faha 6 izay mirija toy izao aorian'ny tsipika faha 7 amin'ity andininy ity :

***« - misy daty; »***

## SOKAJY III
## PAIKA ARAHINA MANOLOANA NY FITSARANA MIANDRAIKITRA NY ADY AMIN'NY FANJAKANA

## PARAGIRAFY I
## FAMPIDIRANA NY FANGATAHANA

**Andininy VI-26.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

***"Ny Fandraharahana dia afaka mitondra avy hatrany any amin'ny fitsarana mahefa ny fitarainana amin'ny fameran-ketra napetraky ny mpandoa hetra."***

## PARAGIRAFY II
## ENDRIKY NY FANGATAHANA SY PAIKADY

**Andininy VI-28 .-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***"Ny fangatahana dia tsy maintsy ampiarahina, raha misy izany, amin'ny fanapahana avy amin'ireo manam-pahefana ara-pitantanana voalazan'ny andininy VI-20, mikasika ny fandavana ataon'ny mpitory. Alefa any amin'ny Mpiraki-draharahan'ny fitsarana mahefa izay manamarina ny nandraisany izany. Ireo fepetra hafa araka ny endriny voalazan'ireo andininy VI-16, VI-17 sy VI-18 dia takiana amin'ireo fitoriana apetraka any amin'ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony sy ireo apetraka any amin'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana. Ny sora-bola angatahana fanafoanan-ketra dia tsy mahazo mihoatran'ny sora-bola nangatahana fanafoanan-ketra tamin'ny fangatahana voalohany.***

***"Tsy azo raisina ireo taratasy fanamarinana, ireo tranga, ireo fanamarinana, ireo fomba hafa ankoatra ireo izay efa nomen'ny mpangataka nandritra ireo adihevitra nifanatrehana sy tamin'ny fangatahana teo aloha."***

**Andininy VI-30.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***"Ireo fangatahana dia ampitaina any amin'ny Foibem-pitantanana miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra izay mamerina ny fehin-kevitra any amin'ny Mpiraki-draharahan'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana na ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony.***

***Ny fitoriana rehetra, taratasy sy ireo taratasin'ady alefa any amin'ny Fandraharahana ara-ketra dia tsy maintsy misy fanamarinam-pandraisana azy avy amin'inty farany.***

***Ny fanamarinam-pandraisana dia atao isaky ny taratasy, ary tsy maintsy manondro ny daty nandraisana azy sy ny sonian'ny mpiasan'ny hetra nandray ireo antontan-taratasy ireo."***

**Andininy VI-31.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***"Ireo fehin-kevitra avy amin'ny fandraharahana ara-ketra dia ampahalalana ny mpangataka amin'ny alalan'ny Mpiraki-draharahan'ny Fitsarana miady amin'ny fanjakana na ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony."***

**Andininy VI-32.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***"Raha misy fanamarihana ataon'ny mpangataka, dia ampitain'ny Mpiraki-draharahan'ny Fitsarana miady amin'ny fanjakana na ny Filan-kevi-panjakan'ny Fitsarana Tampony amin'ny Fandraharahana ara-ketra izany, izay manana fahafahana hamaly ao anatin'ny 15 andro naharaisana ireo fanamarinana ireo."***

**Andininy VI-35.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***"Ireo fangatahana mikasika ny Hetram-panjakana sy ny Hetram-bondrom-bahoaka dia atao amin'ny fitsarana tsy atrehin'ny besinimaro."***

## SOKAJY V
## FANDRAVONANA IREO FIFANOLANANA ARA-KETRA
## EO ANIVON'NY VAOMIERA ARA-KETRA

### III- FAMPAHAFANTARANA AMIN'NY VAOMIERA ARA-KETRA

**Andininy VI-54.-**

Ampiana tsipika farany izay mirija toy izao amin'ny faran'ny 1. amin'ity andininy ity :

***" - misy daty"***

## TOKO IV
## FAMAIZANA FANDIKAN-DALANA

## SOKAJY III
## FIFANARAHANA

**Andininy VI-79.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***"Ny fandikàna ny lalàna ara-ketra izay mety handoavana lamandy na fanagadrana dia azo anaovana fifanarahana mialoha na aorianan'ny didim-pitsarana. Alohan'ny didim-pitsarana raikitra, ny fifanarahana dia afaka mampitsahatra ny fanenjehana amin'ny fandikan-dalàna voalazan'ny lalàna manan-kery, tahaka izany koa ireo izay mety hampigadra. Aorian'ny didim-pitsarana raikitra, dia tsy misy ny fifanarahana azo atao ankoatra ny fanamelohana ara-bola. Raha tsy misy ny fandoavana manontolo ny vola nifanarahana ao anatin'ny fe-potoana napetraka, dia heverina ho foana ny fifanarahana ary miverina manan-kery feno ny fitanana an-tsoratra. Na izany aza, ny famoriam-bola tokony aloa dia azo tohizana arak'ireo fomba sy fepetra voalazan'ny andininy VII-33 sy VII-35."***

## LOHATENY VII
## FAMORIANA NY HETRA

### TOKO III
### FANGATAHANA FAMPIATOANA NY FANDOAVAM-BOLA

**Andininy VII-59.-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika voalohany amin'ity andininy ity :

***"- raha toa ka misy fampakaran-draharaha any amin'ny fandraharahana, ao amin'ny fitarainana mialoha;"***

b) Ampidirana paragirafy izay mirija toy izao, ao aorian'ny andalana faha 6 amin'ity andininy ity :

***"Ny fanavaozana ny fiantohana dia tsy maintsy ampiarahana amina fangatahana vaovao fampiatoana fandoavam-bola araka ireo fepetra faritan'ity andininy ity. Ny fangatahana dia ho dinihan'ny Foibem-pitantanana miandraikitra ny fifanolanana indray."***

## LOHATENY IX
## FEPETRA ISAN-KARAZANY

### TOKO II
### TSIAMBARATELO ARAK'ASA

### SOKAJY II
### SEHA-MPAMPIHARANA NY ANDRAIKITRA AMIN'NY TSIAMBARATELO ARAK'ASA

**Andininy IX-26.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***"Ireo fitsipika momba ny tsiambaratelon'ny asa dia tsy misakana ny fifanakalozana angom-baovao:***

***- eo amin'ny Fandraharahana ara-ketra an'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny an'ireo Firenena nanao fifanarahana fifanampiana amin'ny lafiny ara-ketra ;***

***- eo amin'ny Fandraharahana ara-ketra an'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ireo manam-pahefana eto an-toerana ao anatin'ny fifanaraham-piaraha-miasa na fifanarahana fiaraha-miombon'antoka. "***

**Ny ambiny tsy misy fanovana**

ANDININY FAHA-3

**FADINTSERANANA**

## MAHAKASIKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADINTSERANANA :

Ny andinidin'ny fehezan-dalana momba ny Fadintseranana dia ampiana sy ovaina toy izao manaraka izao :

**LOHATENY VOALOHANY**
**FENI-KEVITRA ANKAPOBE MOMBA NY SATA ARA-PADINTSERANANA**

**TOKO II**
**ANKAPOBEN-JAVATRA**

Ovaina ny paragirafy 2° amin'ny andininy 4, ho toy izao:

**And. 4. – 2°. Ireo faritra afak'haba sy seranam-tsambo misy faritra afak'haba dia azo atao ao anatin'ny faritra fehezin'ny Fadintseranana.**

**LOHATENY V**
**FAMPANDALOVANA SY SATA ARA-TOEKARENA**

**TOKO XII**
**FARITRA AFAK'HABA**

**Sokajy II**
**Asa azo atao ao amin'ny faritra afak'haba**

Ampidirina ny paragirafy 2° vaovao amin'ny andininy 226, ho toy izao :

**And. 226. – 1°** Ny faritra afak'haba dia misokatra amin'ny asa fanodinana entana izay misy fiantraikany manova ny fanondroana sy fanomezan-daharana ilay entana ao amin'ny sandam-bidy. Ny asa fanodinana dia midika hoe fanambarana sy famokarana ireo entana ireo.

**2° Ny fanafaran'entana ao amin'ny orinasa eo anivon'ny faritra afak'haba dia tsy maintsy ahazoana alalana isan-taona na alalana misingana. Ny entana nampidirina ao anatin'ny orinasa eo anivon'ny faritra afak'haba dia manaraka ny sata ara-padintseranana mifehy ny orinasa afak'haba sy ny adidy rehetra mahakasika izany.**

**Sokajy III**
***Sata ara-padintseranan'ny faritra afak'haba***

*§ 5. – Fivoahana amin'ny faritra afak'haba*

*Ambanim-paragirafy 1.*

*Satan'ny fadintseranana mikasika ny famoahana ao amin'ny faritra afak'aba*

Ampidirina ny paragirafy f) vaovao amin'ny andininy 229. Quater 1°, ho toy izao :

**And. 229 Quater. - 1°** Eo ampamoahana ny faritra afak'aba, ireo entana nampidirina, novokarina na natambatra tao amin' faritra afak'aba dia afaka mahazo ny iray amin'ireo satan'ny fadintseranana eto ambany :

a) fanondranana ;
b) fampandalovana amin'ny fadintseranana;
c) fanondranana vonjimaika;
d) fanondranana vonjimaika noho ny fanamborana ;
e) fanampotehana eo ambany fanaraha-maso ny fadintseranana ho an'ny fitaovana, faika sy fakoavy amin'ny ny famokarana tsy namidy ;
**f) fanondranana indray.**

*Ambanim-paragirafy 3.*
*Fanjifana ny entana mivoaka ny faritra afak'aba*

Ovaina ny paragirafy 3° a) amin'ny andininy 229 Sexies, ho toy izao :

**And. 229 Sexies. - 3°** Mandritra ny fanjifana, ny famerana ny haba sy hetra :

**a)** Ny entana voatahiry amin'ny endriny voafaritry ny a) 1° dia ferana araka ny karazany, fiaviny sy ny sandany amin'ny fotoana nidirany ao amin'ny faritra afak'aba, nampiatohana ny haba sy hetra. Na izany aza, ireo entana avy amin'ny tsena anatiny dia jifaina **amin'ny fanafahana ny sara sy haba ;**

## LOHATENY VI
## FITOBIAN'ENTANA ANY AMIN'NY FADINTSERANANA
## TOKO II
## FIVAROTANA NY ENTANA ANY AMIN'NY FITOBIAN'ENTANA

Ovaina ny paragirafy 1° amin'ny andininy 238 Bis ary ampidirina ny paragirafy 4° vaovao amin'io andininy io ihany, ho toy izao :

**And. 238 Bis. - 1°** Noho ny antony ara-piarovam-pirenena, ho fanasoavam-bahoaka na ho fahafahana, ny fivarotan'entana amin'ny fetran'ny fifaninanana, **na any amin'ny sehatra iraisam-pirenena raha toa ka ilaina izany,** dia azo tanterahina ho toy izao:

- Amin'ny alalan'ny antso voafetra ho an'ny tolo-bidy mahakasika ireo antony fahafahana amin'ny sehatra matihanina ;
- Amin'ny alalan'ny fifanarahana mahakasika ireo antony ara-piarovam-pirenena na ara-panasoavam-bahoaka ;

# LOHATENY X
# FIFANOLANANA

## TOKO VII
## FEPETRA FAMAIZANA

### Sokajy I
### *Fanasokajiana ny fandikan-dalàna amin'ny Fadintseranana sy sazy fototra*

*§3. Heloka tsotra amin'ny Fadintseranana*

### A.- HELOKA TSOTRA KILASY VOALOHANY.

Ampidirina ny paragirafy vaovao h) sy i) amin'ny andininy 360. 2°, ho toy izao :

**And. 360. - 2°** Miverina manokana hofehezin'ny fepetra voalazan'ny andalana teo aloha ny fandikan-dalàna manaraka etoana :

a) ny fanambarana diso rehetra atao amin'ny karazana, ny tetibidiny na ny niavian'ny entana nafarana, naondrana na napetraka araka ny fitondrana ara-toekarena raha toa ka ny sara amin'ny fadintseranana na ny haba sasantsasany dia nialana na nanohintohina io fanambarana diso io ;

b) ny fanambarana diso rehetra atao amin'ny fanondroana ny tena andefasana na ny tena mpandefa ;

c) ny fanambarana diso rehetra atao amin'izay mikendry ny ahazo tsy an-drariny ny tombontsoa amin'ny fanafahana tsy handoa araka ny voalazan'ny andininy faha-240-1° sy faha-263 amin'ity Fehezan-dalàna ity ary koa ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny didim-pitondrana noraisina, raha toa ka misy, ho fampiharana ireo andininy ireo ;

d) ny fanodinkodinana rehetra atao amin'ny entana tsy voarara any amin'ny toerana manokana andefasana azy ;

e) ny tsy fahampiana avy tamin'ny fanesorana ny hosoka amin'ny habetsahan'ny entana napetraka araka ny fitondrana ara-toekarena ;

f) ny tsy fampisehoana indray ny entana napetraka tao amin'ny fanobian'entana vao noforonina na amin'ny fanobian'entana manokana, amin'ny faritra afak'haba sy amin'ny orinasa afak'haba ;

g) nofoanana.

**h) ireo fanafaran'entana rehetra tsy voalaza tao anatin'ny alalana omena isan-taona na alalana misingana mialoha mahakasika ny sata ara-padintseranana momba ny faritra sy orinasa afak'haba ;**

**i) ny fanaovana asa hafa ankoatran'izay efa voalaza tao anatin'ny fankatoavana nomena ho an'ireo orinasa nahazo sata ara-padintseranana momba ny faritra sy orinasa afak'haba ;**

**Ny ambiny tsy misy fanovana.**

# II- FIFANDANJANA ANKAPOBEN' NY VOLAVOLAN-DALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA HO AMIN'NY TAONA 2024

## ANDININY FAHA-4

Ny vokatra sy ny vola miditra azo ampiharina amin'ny Tetibola nasiam-panitsiana amin'ny taona 2024, anisan'izany ny fanampiana ara-bola tsy averina sy ny vola miditra hafa, dia vinavinaina **9 883 013 670 000 Ariary** araka ny tabilao manaraka etoana :

Arivo Ariary

| FANONDROANA | SORA-BOLA |
|---|---|
| **FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA** | **8 797 013 670** |
| - Vola miditra avy amin'ny hetra | 8 404 500 000 |
| - Vola miditra ankoatry ny hetra | 392 513 670 |
| - Fanampiana ara-bola tsy averina | 0 |
| - Fanampiana avy any ivelany/Fanitsiana | 0 |
| **FAMPIASAM-BOLA** | **1 086 000 000** |
| - Fanampiana avy any ivelany/FFBP | 1 086 000 000 |
| **FITAMBARANY** | **9 883 013 670** |

Ao amin'ny tovana ireo antsipiriany.

## ANDININY FAHA-5

Ny farafahabetsaky ny sora-bola anomezan-dàlana ho an'ireo Zana-bola avy amin'ny trosa, ireo vola omena ireo Andrimpanjakàna sy Ministera, ireo antom-pandaniana hafa, ny famatsiam-bola ireo Kaomina, ireo fandaniana ho an'ny Hana-pamokarana (famatsiam-bola avy any ivelany sy avy ato anatiny) ary ireo asa marika fanitsiana amin'ny Tetibola ankapobeny 2024 dia mitentina **14 679 272 948 000 Ariary.**

## ANDININY FAHA-6

Ao anatin'io fetra faratampony io, dia sokafana amin'ny taona 2024 ny sora-bola azo ampiharina :

- Hatramin'ny : **671 968 072 000** Ariary ho an'ny zana-bolan'ny trosa.
- Hatramin'ny : **11 395 895 865 000** Ariary ho an'ireo Andrimpanjakàna sy Minisitera
- Hatramin'ny : **4 213 001 000** Ariary ho an'ireo « Organes Constitutionnels »
- Hatramin'ny : **3 744 374 000** Ariary ho an'ny Fitsarana Avo
- Hatramin'ny : **2 603 451 636 000** Ariary ho an'ny « Opérations Ordre »

Izany hoe :

## FAFANA FITSINJARANA NY VOLA HO AN'IREO ANDRIMPANJAKÀNA SY MINISITERA

Arivo Ariary

| ANDRIMPANJAKÀNA / MINISITERA | KARAMA | FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA | | | FITAMBARAM-BENY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | Tambi-Karama | Entana sy Raharaha | Famindram-Bola | Fitambarany | Ivelany | Anatiny | Fitambarany | |
| FIADIDIANA NY REPOBLIKA | 17 785 050 | 26 637 339 | 30 767 351 | 22 991 235 | 80 395 925 | 48 039 618 | 30 885 757 | 78 925 375 | 177 106 350 |
| ANTENIMIERAN-DOHOLONA | 0 | 14 143 184 | 7 533 170 | 400 000 | 22 076 354 | 0 | 47 625 | 47 625 | 22 123 979 |
| ANTENIMIERAM-PIRENENA | 0 | 47 866 624 | 37 948 353 | 1 538 766 | 87 353 743 | 0 | 47 625 | 47 625 | 87 401 368 |
| FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA | 0 | 5 977 960 | 5 324 887 | 183 529 | 11 486 376 | 0 | 450 000 | 450 000 | 11 936 376 |
| FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA | 7 751 161 | 14 825 882 | 13 439 950 | 9 356 287 | 37 622 119 | 232 930 307 | 0 | 232 930 307 | 278 303 587 |
| FILANKEVITRY NY FAMPIHAVANANA MALAGASY | 0 | 4 826 000 | 1 802 453 | 56 644 | 6 685 097 | 0 | 0 | 0 | 6 685 097 |
| VAOMIERA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA | 0 | 12 857 557 | 3 615 353 | 267 043 | 16 739 953 | 0 | 96 547 929 | 96 547 929 | 113 287 882 |
| MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY | 468 277 632 | 41 221 587 | 32 411 801 | 1 128 299 | 74 761 687 | 4 995 438 | 8 979 931 | 13 975 369 | 557 014 688 |
| MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY | 59 180 600 | 3 921 787 | 19 272 996 | 13 428 332 | 36 623 115 | 0 | 3 418 350 | 3 418 350 | 99 222 065 |
| MINISITERAN'NY FITSARÀNA | 136 837 913 | 9 563 715 | 36 266 323 | 5 505 862 | 51 335 900 | 6 624 903 | 4 762 522 | 11 387 425 | 199 561 238 |
| MINISITERAN'NY ATITANY | 41 856 494 | 28 150 | 32 599 228 | 21 695 829 | 54 323 207 | 34 657 357 | 19 412 472 | 54 069 829 | 150 249 530 |
| MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA: | 575 561 269 | 14 372 457 | 107 976 938 | 1 700 770 061 | 1 823 119 456 | 217 126 343 | 232 180 564 | 449 306 907 | 2 847 987 632 |
| MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA | 191 549 050 | 400 800 | 25 669 036 | 1 774 806 | 27 844 642 | 0 | 8 921 352 | 8 921 352 | 228 315 044 |
| MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY VAROTRA | 19 087 505 | 2 723 840 | 3 496 960 | 23 358 300 | 29 579 100 | 59 031 001 | 5 545 248 | 64 576 249 | 113 242 854 |
| MINISITERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY: | 25 289 198 | 43 100 | 4 284 769 | 107 450 960 | 111 778 829 | 159 047 100 | 60 734 251 | 219 781 351 | 356 849 378 |
| MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA: | 25 598 908 | 198 290 | 3 528 598 | 2 288 080 | 6 014 968 | 0 | 172 731 | 172 731 | 31 786 607 |
| MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASA TANANA: | 5 204 353 | 78 469 | 6 858 005 | 3 759 027 | 10 695 501 | 960 895 | 2 344 621 | 3 305 516 | 19 205 370 |
| MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA: | 186 025 032 | 286 912 | 5 133 456 | 84 216 891 | 89 637 259 | 0 | 8 543 965 | 8 543 965 | 284 206 256 |
| MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA LOVAIN-JAFY | 19 743 260 | 743 486 | 10 361 436 | 1 281 816 | 12 386 738 | 51 271 679 | 10 999 410 | 62 271 089 | 94 401 087 |
| MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA | 1 220 962 748 | 28 388 091 | 39 461 336 | 144 153 153 | 212 002 580 | 70 839 438 | 29 003 933 | 99 843 371 | 1 532 808 699 |
| MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO | 6 281 959 | 39 085 | 3 623 337 | 2 116 503 | 5 778 925 | 4 611 080 | 47 212 884 | 51 823 964 | 63 884 848 |
| MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA: | 264 514 821 | 618 257 | 21 114 890 | 46 311 873 | 68 045 020 | 326 359 698 | 57 724 417 | 384 084 115 | 716 643 956 |
| MINISITERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA | 14 871 301 | 41 738 | 11 080 788 | 1 743 279 | 12 865 805 | 6 735 625 | 3 878 829 | 10 614 454 | 38 351 560 |
| MINISITERAN'NY ASA VAVENTY | 10 697 455 | 54 290 | 6 180 809 | 6 359 338 | 12 594 437 | 897 006 226 | 297 049 909 | 1 194 056 135 | 1 217 348 027 |
| MINISITERAN'NY HARENA ANKIBON'NY TANY: | 5 639 625 | 270 000 | 10 443 009 | 842 677 | 11 555 686 | 0 | 1 093 951 | 1 093 951 | 18 289 262 |
| MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORAN'AFO: | 3 924 059 | 291 000 | 2 358 257 | 2 230 850 | 4 880 107 | 350 553 327 | 48 518 197 | 399 071 524 | 407 875 690 |
| MINISITERAN'NY RANO, FANADIOVANA SY FIDIOVANA: | 7 201 110 | 33 700 | 4 463 311 | 3 256 300 | 7 753 311 | 133 385 565 | 157 722 617 | 291 108 182 | 306 062 603 |
| MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA: | 28 567 262 | 61 660 | 5 181 350 | 9 182 196 | 14 425 206 | 397 033 220 | 29 779 672 | 426 812 892 | 469 805 360 |
| MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA: | 6 857 394 | 33 758 | 4 879 745 | 10 694 579 | 15 608 082 | 2 824 910 | 4 574 045 | 7 398 955 | 29 864 431 |
| MINISITERAN'NY FAMPIANARANA ARA-TEKINIKA SY NY FANOFANANA ARAK'ASA: | 56 370 239 | 4 068 552 | 13 486 586 | 1 460 379 | 19 015 517 | 5 698 239 | 22 572 995 | 28 271 234 | 103 656 990 |
| MINISITERAN'NY ASA TANANA SY NY HAITAO | 2 525 575 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 2 525 575 |
| MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA | 1 332 094 | 29 400 | 3 359 997 | 164 100 | 3 553 497 | 922 216 | 2 597 998 | 3 520 214 | 8 405 805 |
| MINISITERAN'NY MPONINA, SY NY FIRAISAN-KINA; | 9 610 107 | 51 732 | 29 697 504 | 3 165 560 | 32 914 796 | 49 534 073 | 7 048 533 | 56 582 606 | 99 107 509 |
| MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA | 16 882 705 | 49 776 | 4 412 633 | 10 826 978 | 15 289 387 | 2 542 804 | 5 827 013 | 8 369 817 | 40 541 909 |
| SEKRETERAM-PANJAKANA MISAHANA NY TANANA VAOVAO SY NY TEORAM-PONENANA | 1 015 873 | 2 154 600 | 3 151 287 | 1 776 201 | 7 082 088 | 202 887 525 | 36 085 396 | 238 972 921 | 247 070 882 |
| MINISITERA DELEGE MISAHANA NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA | 377 239 977 | 4 785 800 | 21 637 725 | 1 045 900 | 27 469 425 | 0 | 10 056 969 | 10 056 969 | 414 766 371 |
| **FITAMBARANY** | **3 814 241 729** | **241 688 578** | **572 823 627** | **2 246 781 633** | **3 061 293 838** | **3 265 618 587** | **1 254 741 711** | **4 520 360 298** | **11 395 895 865** |

Rafitra voalazan'ny Lalàmpanorenana :

| RAFITRA VOALAZAN'NY LALAMPANORENANA | KARAMA | FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA | | | FITAMBARAM-BENY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | Tambi-Karama | Entana sy Raharaha | Famindram-Bola | Fitambarany | Ivelany | Anatiny | Fitambarany | |
| FILANKEVITRA AMBONY MOMBA NY FIAROVANA NY DEMOKARASIA SY NY FANJAKÀNA TAN-DALANA (HCDDED) | 0 | 0 | 0 | 2 105 290 | 2 105 290 | 0 | 0 | 0 | 2 105 290 |
| VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MOMBA NY ZON'OLOMBELONA (CNIDH) | 0 | 0 | 0 | 2 107 711 | 2 107 711 | 0 | 0 | 0 | 2 107 711 |
| **FITAMBARAN'NY RAFITRA VOALAZAN'NY LALAMPANORENANA** | **0** | **0** | **0** | **4 213 001** | **4 213 001** | **0** | **0** | **0** | **4 213 001** |

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| FITSARANA AVO | 298 012 | 3 071 000 | 344 982 | 6 567 | 3 422 549 | 0 | 23 813 | 23 813 | 3 744 374 |

| | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **FITAMBARAN'NY IVELAN'NY ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA** | **3 814 539 741** | **244 759 578** | **573 168 609** | **2 251 001 201** | **3 068 929 388** | **3 265 618 587** | **1 254 765 524** | **4 520 384 111** | **11 403 853 240** |

Asa marika fanitsiana ny Tetibola :

| ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA | KARAMA | FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA | | | FITAMBARAM-BENY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | Tambi-Karama | Entana sy Raharaha | Famindram-Bola | Fitambarany | Ivelany | Anatiny | Fitambarany | |
| MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA | 0 | 0 | 2 603 451 636 | 0 | 2 603 451 636 | 0 | 0 | 0 | 2 603 451 636 |
| **FITAMBARAN NY ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA** | **0** | **0** | **2 603 451 636** | **0** | **2 603 451 636** | **0** | **0** | **0** | **2 603 451 636** |

| | KARAMA | FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA | | | FITAMBARAM-BENY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | Tambi-Karama | Entana sy Raharaha | Famindram-Bola | Fitambarany | Ivelany | Anatiny | Fitambarany | |
| **FITAMBARAMBE** | **3 814 539 741** | **244 759 578** | **3 176 620 245** | **2 251 001 201** | **5 672 381 024** | **3 265 618 587** | **1 254 765 524** | **4 520 384 111** | **14 007 304 876** |

Izany hoe amin'ny Fitambarany :

Arivo Ariary

| FANONDROANA | SORA-BOLA |
|---|---|
| ZANA-BOLA AMIN'NY TROSAM-PANJAKÀNA | **671 968 072** |
| NY HOENTI-MANAN'NY ANDRIMPANJAKÀNA | **11 395 895 865** |
| RAFITRA VOALAZAN'NY LALAMPANORENANA | **4 213 001** |
| FITSARANA AVO | **3 744 374** |
| ASA MARIKA FANITSIANA NY TETIBOLA | **2 603 451 636** |
| **FITAMBARANY** | **14 679 272 948** |

Ao amin'ny tovana ireo antsipiriany.

## ANDININY FAHA-7

Araka ny fitsinjarana hita ao amin'ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity, ny andinindininy dia ekena ny fanoratana ny soritr'asa nomen-dàlana ao amin'ny Tetibola ankapobe 2024 izay mitentina **27 870 000 000 000 Ariary** mba ho fandaniana ho amin'ny fampiasam-bolam-panjakàna (Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany).

## ANDININY FAHA-8

Ny fetra faratampon'ny sora-bola azo aloa araka ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity ao amin'ny Tetibola Ankapobe 2024 dia mitentina **4 520 384 111 000 Ariary** mba ho fandaniana ho amin'ny famokarana (Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany).

## ANDININY FAHA-9

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniana azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra amin'ny taona 2024 dia novinavinaina ho toy izao :

Arivo Ariary

| FANONDROANA | SORA-BOLA |
|---|---|
| **VOLA MIDITRA** | **7 500 000** |
| - Vola miditra ho fampandehanan-draharaha | 7 500 000 |
| - Renivola miditra | 0 |
| **FANDANIANA** | **7 500 000** |
| - Fandaniana ho fampandehanan-draharaha | 7 500 000 |
| - Fandaniam-pampiasam-bola | 0 |

Ao amin'ny tovana ireo antsipiriany.

## ANDININY FAHA-10

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniana azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Tranom-printim-pirenena amin'ny taona 2024 dia novinavinaina ho toy izao :

Arivo Ariary

| FANONDROANA | SORA-BOLA |
|---|---|
| **VOLA MIDITRA** | **44 961 288** |
| - Vola miditra ho fampandehanan-draharaha | 35 516 288 |
| - Renivola miditra | 9 445 000 |
| **FANDANIANA** | **44 961 288** |
| - Fandaniana ho fampandehanan-draharaha | 35 516 288 |
| - Fandaniam-pampiasam-bola | 9 445 000 |

Ao amin'ny tovana ireo antsipiriany.

## ANDININY FAHA-11

Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-Panjakàna dia vinavinaina ho **1 188 268 106 000 Ariary** amin'ny vola miditra ary ho **1 753 752 120 000 Ariary** ho an'ny fandaniana araka ny tabilao atovana amin'ity volavolan-dalàna ity.

Arivo Ariary

| FANONDROANA | SORA-BOLA |
|---|---|
| **VOLA MIDITRA** | **1 188 268 106** |
| - Avansy | 0 |
| - Kaontim-bola nindramina (remboursement) | 0 |
| - Kaontim-bola nindramina (régularisation/consolidation) | 4 164 559 |
| - Kaontim-barotra | 1 035 663 557 |
| - Kaontim-bola voatokana | 148 439 990 |
| **VOLA MIVOAKA** | **1 753 752 120** |
| - Avansy | 0 |
| - Kaontim-bola nindramina | 375 158 248 |
| - Kaontim-pandraisana anjara | 194 490 325 |
| - Kaontim-pandraisana anjara (Fanitsiana) | 0 |
| - Kaontim-barotra | 1 035 663 557 |
| - Kaontim-bola voatokana | 148 439 990 |

Ao amin’ny tovana ireo antsipiriany.

## ANDININY FAHA-12

Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia omena alàlana amin'ny taona 2024 hanao fanomezam-bola mialoha, fampisamborana ary fandraisana anjara tsy mihoatra ny **569 648 573 000 Ariary**, araka ny tabilao atovana amin’ity volavolan-dalàna ity.

## ANDININY FAHA-13

Ny fampiasana ny vola vidin'entana fanomezana avy any ivelany sy izay mitovy lenta amin'izany amin’ny taona 2024 dia vinavinaina ho **7 767 340 000 Ariary** amin'ny fandaniana ary **312 916 000 Ariary** eo amin'ny vola miditra.

## ANDININY FAHA-14

Ny vinavinan’ny kirakira momba ny trosam-panjakàna dia ferana toy izao manaraka izao :

Arivo Ariary

- **eo amin'ny vola miditra .................................................. 9 035 081 716**
- **eo amin'ny fandaniana .................................................. 3 665 884 000**

## ANDININY FAHA-15

Ny fifandanjana ankapoben’ izao Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakàna nasiam-panitsiana ho amin'ny taona 2024 izao dia ferana araka izao tabilao manaraka izao :

**FIFANDANJANA MOMBA NY**
**LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA NASIAM-PANITSIANA**
**HO AMIN'NY TAONA 2024**

Arivo Ariary

| FANONDROANA | VOLA MIDITRA | FANDANIAM-BOLA |
|---|---|---|
| **FIZARANA I**<br>**TETIBOLA ANKAPOBE** | | |
| a.- Lahasa fampandehanan-draharaha | 8 797 013 670 | 10 158 888 837 |
| b.- Lahasam-pamokarana | 1 086 000 000 | 4 520 384 111 |
| **FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANKAPOBE** | **9 883 013 670** | **14 679 272 948** |
| ***HANISISA FIZARANA I*** | | ***-4 796 259 278*** |
| **FIZARANA FAHA II**<br>**TETIBOLA ANANKINA** | | |
| a.- Lahasa fampandehanan-draharaha | 43 016 288 | 43 016 288 |
| b.- Lahasam-pamokarana | 9 445 000 | 9 445 000 |
| **FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANANKINA** | **52 461 288** | **52 461 288** |
| ***HANISISA FIZARANA II*** | | ***0*** |
| **FIZARANA FAHA III**<br>**FAMPIASANA NY KAONTY MANOKANA**<br>**NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKÀNA** | | |
| **FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA III** | **1 188 268 106** | **1 753 752 120** |
| ***HANISISA FIZARANA III*** | | ***-565 484 014*** |
| **FIZARANA FAHA IV**<br>**FAMPIASANA NY TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA**<br>**FANOMEZANA AVY ANY IVELANY** | | |
| **FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA IV** | **312 916** | **7 767 340** |
| ***HANISISA FIZARANA IV*** | | ***-7 454 424*** |
| **FIZARANA FAHA V**<br>**FAMPIASANA HO RENIVOLA**<br>**NY TROSAM-PANJAKÀNA** | | |
| a.- Trosa Anatiny | | |
| . Bons du Trésor | 1 898 037 000 | 2 535 507 000 |
| . Avansy | 386 000 000 | 344 357 000 |
| . Samihafa | 0 | 149 040 000 |
| b.- Trosa ivelany | | |
| . Amortissement capital | | 636 980 000 |
| . Fisamborana | 2 488 284 282 | |
| . Famatsiam-bola manokana | 1 590 202 639 | |
| . Régularisation Emprunts | 2 450 000 000 | |
| c.- Disponibilité Mobilisable | 222 557 795 | 0 |
| **FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA V** | **9 035 081 716** | **3 665 884 000** |
| ***HANISISA FIZARANA V*** | | ***5 369 197 716*** |
| **FITAMBARAMBENY** | **20 159 137 696** | **20 159 137 696** |

# III- FEPETRA MANOKANA

### ANDININY FAHA-16

Ankatoavina ireo Didim-panjakàna manova ny sora-bola ho fampandehanan-draharaha sy fampiasam-bolam-panjakàna, noraisina nandritra ny taom-pampiharana ny tetibola 2024, ho fanatanterahana ny andininy faha-19 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakàna.

### ANDININY FAHA-17

Ao anatin'ny fitantanana ny trosam-panjakana, ny Tahirimbolam-panjakana dia mahazo alalana hanatanteraka fifanakalozana taratasimbolam-panjakana.

Ny fampandehanana sy ny fombafomba amin'ity asa ity dia voafaritra amin'ny fanapahan-kevitry ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana.

### ANDININY FAHA-18

Foronina manomboka ny taona 2024 ao amin'ny rejisitry ny Mpampanoavolan'Antananarivo, ny kaonty manokana mitondra ny anarana hoe : « Passeport électronique » amin'ny anaran'ny « Fitaleavana misahana ny fanarahamaso ny fivezivezena ».

Ity kaonty manokana ity dia natao mba :

- handray ny vola harotsak'ireo mpangataka ny pasipaoro arakajimirindra, ary
- hiantoka ny vola lany amin'ny mpamatsy pasipaoro arakajimirindra.

Ny fepetra amin'ny fitantanana ity kaonty manokana ity dia apetraka amin'ny alàlan'nydidim-panjakana.

### ANDININY FAHA-19

Foronina manomboka ny taona 2024 ao amin'ny rejisitry ny Mpampanoavolan'Antananarivo, ny kaonty manokana mitondra ny anarana hoe : « Visas et cartes de résident biométriques » amin'ny anaran'ny « Fitaleavan'ny Fitantanana ny Fifindra-monina / Fametrahanana ny hain-kajy Mirindra ny fahazahoan-dalana mipetraka ».

Ity kaonty manokana ity dia natao mba :

- handray ny vola mifanandrify amin'ny fananana narotsak'ireo mpangataka amin'ny amin'ny antotataratasy fandoavam-bola avy amin'ny fahazoan-dalana mipetraka maharitra, ary

- hiantoka ny vola lany amin'ny fandaniana mifandraika amin'ny fanotana ny fahazoan-dàlana hipetraka.

Ny fepetra amin'ny fitantanana ity kaonty manokana ity dia apetraka amin'ny alàlan'nydidim-panjakana.

### ANDININY FAHA-20

Sokafana ao amin'ny raki_tsoratry ny Mpampanoavolan'Antananarivo, ny kaonty manokana antsoina hoe : « Soutien des partenaires à la mise en œuvre du Plan Sectoriel de l'Education - exécution budgétaire, comptable et financière », an'ny « Fonds Commun pour l'Education », amin'ny anaran'ireo « Directions centrales » sy « régionales » ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitatanambola.

Amin'ny alalan'ny Didim-panjakana raisin'ny eo anivon'ny filankevitry ny Gouvernemanta no hamerana ny fepetra hitantana io kaonty manokana io.

### ANDININY FAHA-21

Foronina manomboka ny taona 2024 ao amin'ny rejisitry ny Mpampanoavolan'Antananarivo, ny kaonty manokana mitondra ny anarana hoe : « Indemnité d'assurance ARC » amin'ny anaran'ny « CPGU – Primature » ao amin'ny Primatiora.

Ity kaonty manokana ity dia natao mba :

- handray ny vola mifanandrify solontakaitra amin'ny fiantohana avy amin'ny l'African Risk Capacity ltd (ARC), ary
- hiantoka ny ny fandaniana voafantina amin'ny asa mifandraika amin'ny fanarenana ny voina nateraky ny loza voajanahary izay efa voafaritr'i ARC mialoha.

Ny fepetra amin'ny fitantanana ity kaonty manokana ity dia apetraka amin'ny alàlan'ny didim-panjakana.

### ANDININY FAHA-22

Ankatoavina ny Didim-panjakana manaiky ny anjara fanampian'ny Green Development AS (GD) ho teti-bola fanapiana ho an'ny Programa fandrahoan-tsakafo madio amin'ny alalan'ny Ethanol – Famatsiam-bola ho an'ny toetrandro eto Madagasikara mandritra ny taona 2019 ka hatramin'ny 2024, mitentina 165.000 dolara na Dimy hetsy sy roa amby efapolo sy fiton-jato tapitrisa Ariary. (Ar 742 500 000) araka ny Fifanekena ara-pamatsiam-bola tamin'ny 18 Desambra 2018.

Noho izany dia voarakitra ho an'ny taona 2024 ny vola mitentina iray alina sy dimy hetsy sy iraika amby fitopolo sy telonjato tapitrisa Ariary (Ar 371 510 000) ho amin'ny fandaniana sy ny vola miditra.

## ANDININY FAHA-23

Ny fototra hamerana sy ny tahan'ireo sara noho ny « certification des produits artisanaux faits mains destinés à l'exportation » voalaza ao amin'ny andininy faha 20 ao amin'ny Lalàna mifehy ny tetibolam-pajakana 2024 dia miseho toa izao :

Ny fanalana dia tanterahana amin'ny antontan-taratasy fanambarana tsirariray mba hahazoana taratasy fanamarinana ny fanaraham-penitra mifehy ny vokatra aondrana ireo vokatra vita tànana.

Ny sandan'ny fanalana dia voafaritra toa izao :

- Ho an'ny fandefasana entana ara-barotra : (i) 0.2% ny sandan'ny fandefasana raha toa ka mihoatra na mitovy amin'ny dimampolo tapitrisa Ariary (> na = Ar 50 000 000) ary (ii) iray hetsy Ariary (Ar 100 000) raha latsaky ny dimampolo tapitrisa Ariary (< Ar 50 000 000).
- Ho an'ny fandefasana entana tsy ara-barotra dia dimy alina Ariary (Ar 50 000).

Ny fombafomba hamoriana io sara io dia hofaritana amin'ny alalan'ny didy aman-dalàna.

## ANDININY FAHA-24

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao. Hotanterahina izany fa lalàm-panjakàna.

Antananarivo, faha-

Ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta

**NTSAY Christian**

Hita ary ho atovana amin'ny
Didim-panjakàna laharana faha-2024-1012
tamin'ny 30 may 2024